BOKIN'NY VANIM-POTOAN'NY FIANGONANA.
Famelabelarana amin'ny antsipirihany ny fandalinana ny Taom-Piangonana Fito sy ny fotopampianarana lehibe sasany ao amin'ny Apokalypsy, Toko Voalohany ka hatramin'ny Fahatelo.
William Marrion Branham.

SAVA LALANA.
Na dia mahakasika ny foto-pampianarana lehibe aza ity boky ity (toy ny Momban'Andriamanitra, ny Batisan'ny Rano, sns…) hita ao amin'ny Apokalypsy, toko Voalohany hatramin'ny Fahatelo, ny tena loha-heviny dia ny famelabelarana ny antsipirihany ny fianarana ny Vanim-potoanan'ny Fiangonana Fito. Izany no ilaina mba handalinana sy hahatakarana ny sisa amin'ny Fanambaràna, fa avy ao amin'ny Vanim-potoana no ivoahan'ny Tombokase, ary avy ao amin'ny Tombo-kase no ivoahan'ny Anjomara, ary avy ao amin'ny trompetra no ivoahan'ny Lovia. Toy ny nirehetan'ny labozia Romana tany amboalohany, ny Taom-piangonana koa dia nivoaka tamin'ny hazavàna mahery tamin'ny voalohany, raha tsy izany dia tsy hisy ny hazavàna hafa. Fa raha vao nomena tamin'ny Fanambaràna Masina ny famirapiratan'ny Vanim-potoanan'ny Fiangonana Fito, dia nanaraka ny hazavàna miampy hazavàna, mandra-pisokatry ny Fanambaràna rehetra eo anoloan'ny masontsika te hahafantatra; ary isika, mahazo hery ary nodiovina amin'ny alalan'ny Fanahiny, dia namboarina ho vonona amin'ny fisehoany feno Voninahitra, dia ny Tompo sy Mpamonjy antsika, Ilay Hany Andriamanitra Marina, i Jesosy Kristy. Ny nandaharana ity dia natao amin'ny olona voalohany (1ère personne) satria ity dia hafatra avy am-poko ho an'ny fon'ny olona.

Fasahiranana manokana ny nanaovana sora-baventy ny anarana sy ny anaram-boninahitra, amin'ny teny sy ny mpisolo, sns, izay mifandraika amin'ny momban'Andriamanitra, ary koa ny teny hoe Baiboly, Soratra Masina, ary ny Teny, izay heverintsika fa rariny amin'ny fitenenana ny fiandrianana sy maha Andriamanitra ary ny Teniny Masina. Mivavaka aho mba ho tahin'Andriamanitra ny mpamaky rehetra; ary enga anie ny fahazavàna avy amin'ny Fanahin'Andriamanitra no anjaran'ny tsirairay manokana.
William Marrion Branham.

FANAMBARAN'I JESOSY KRISTY.

1 Ny Fanambaran'i Jesosy Kristy, izay nomen'Andriamanitra Azy, mba hasehony amin'ny mpanompony izay zavatra tsy maintsy ho tonga faingana; ary naniraka ny anjeliny Izy hanambara amin'i Jaona mpanompony,
2 Izay nanambara ny tenin'Andriamanitra sy ny filazàna an'i Jesosy Kristy, dia ny zavatra rehetra izay efa hitany.
3 Sambatra izay mamaky sy ny mihaino ny tenin'ity faminaniana ity ka mitandrina izay voasoratra ato anatiny; fa antomotra ny andro.

4 Jaona mamangy ny fiangonana fito any Asia: Ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'Ilay Ankehitriny sy Taloha ary Ho avy; ary avy amin'ny Fanahy fito izay eo anoloan'ny seza fiandrianany;
5 ary avy amin'i Jesosy Kristy, Vavolombelona marina sy Lahimatoa amin'ny maty ary Lehiben'ny mpanjaka amin'ny tany. Ho an'izay tia antsika ka namaha antsika ho afaka amin'ny fahotantsika tamin'ny ràny,
6 sady efa nanao antsika ho fanjakana, dia mpisorona ho an'Andriamanitra Ray,- ho Azy anie ny voninahitra sy ny fanjakana mandrakizay mandrakizay. Amena.
7 Indro avy amin'ny rahona Izy; ary ny maso rehetra hahita Azy, na dia izay nandefona Azy aza; ary hitomany ny firenena rehetra ambonin'ny tany noho ny Aminy. Eny, Amena. ***(Zakaria 12:9)***
8 Izaho no Alfa sy Omega, hoy ny Tompo Andriamanitra, Ilay ankehitriny sy taloha ary ho avy, dia ny Tsitoha.
9 Izaho Jaona, rahalahinareo sy namanareo amin'ny fahoriana ary amin'ny fanjakana sy ny faharetana ao amin'i Jesosy, dia tao amin'ny nosy atao hoe Patmo noho ny tenin'Andriamanitra sy ny filazana an'i Jesosy.
10 Voatsindrin'ny Fanahy tamin'ny Andron'ny Tompo aho ka nahare feo mahery teo ivohoko, toy ny feon'ny trompetra,
11 nanao hoe: Izay zavatra hitanao dia soraty eo amin'ny boky, ka ampitondray ho any amin'ny fiangonana fito, dia ho any Efesosy sy Smyrna sy Pergamosy sy Tyatira sy Sardisy sy Filadelfia ary Laodikia.
12 Dia nitodika aho nizaha ilay feo niteny tamiko. Koa rehefa nitodika aho, dia nahita fanaovan-jiro volamena fito;
13 ary teo afovoan'ny fanaovan-jiro dia nisy Anankiray tahaka ny Zanak'olona niakanjo akanjo lava hatrany an-tongony sady nisikina fisikinam-bolamena teo amin'ny tratrany.
14 Ary ny lohany sy ny volony dia fotsy tahaka ny volon'ondry fotsy, dia tahaka ny oram-panala, ary ny masony tahaka ny lelafo;
15 ary ny tongony tahaka ny varahina manganohano, hoatra ilay voadio teo amin'ny fandrendrehana iny; ary ny feony toy ny firohondrohon'ny rano be.
16 Ary nitana kintana fito teny an-tànany ankavanana Izy; ary nisy sabatra maranitra roa lela nivoaka avy teo am-bavany; ary ny tarehiny dia tahaka ny masoandro mamirapiratra amin'ny heriny.
17 Ary raha nahita Azy aho, dia lavo niankohoka tahaka ny maty teo anoloan'ny tongony. Fa Izy nanendry ahy tamin'ny tànany ankavanana ka nanao hoe: Aza matahotra; Izaho no Voalohany sy Farany,
18 dia Ilay velona; efa maty Aho, nefa, indro, velona mandrakizay mandrakizay sady manana ny fanalahidin'ny fahafatesana sy ny fiainan-tsi-hita.
19 Koa soraty izay zavatra efa hitanao, na izay zavatra ankehitriny, na izay zavatra mbola ho avy rahatrizay,
20 dia ny zava-miafina ny amin'ny kintana fito izay efa hitanao teny an-tanako ankavanana sy ny fanaovan-jiro volamena fito. Ny kintana fito dia ny anjelin'ny fiangonana fito: ary ny fanaovan-jiro fito dia fiangonana fito.

FAMPIDIRANA NY TOKO VOALOHANY.
Apokalypsy 1:1-3. “Ny Fanambaran'i Jesosy Kristy, izay nomen'Andriamanitra Azy, mba hasehony amin'ny mpanompony izay zavatra tsy maintsy ho tonga faingana; ary naniraka ny anjeliny Izy hanambara amin'i Jaona mpanompony, Izay nanambara ny tenin'Andriamanitra sy ny filazana an'i Jesosy Kristy, dia ny zavatra rehetra izay efa hitany. Sambatra izay mamaky sy ny mihaino ny tenin'ity faminaniana ity ka mitandrina izay voasoratra ato anatiny; fa antomotra ny andro.”

Ny mpanora-dalàna (tsy mpanoratra) amin'ity boky ity no Jaona ilay avy amin'Andriamanitra. Niaiky ny mpahay tantara fa izy dia niaina ny fotoana farany nahavelomany tany Efesosy, na dia tao amin'ny Nosy Patmo aza izy tamin'ny fotoana nanoratana an'ity boky ity. Tsy ny tantaram-piainan'i Jaona io, fa ny Fanambaràn'i Jesosy Kristy amin'ny taom-piangonana ho avy. Ao amin'ny andininy fahatelo izany dia antsoina hoe ny faminaniana, ary izany no tena izy.

Ity boky ity dia matetika antsoina hoe ny Fanambaràn'i Masindahy Jaona, fa izany dia diso. Io dia ny fanambaran'i Jesosy Kristy nomena an'i Jaona ho an'ny Kristianina amin'ny vanim-potoana rehetra. Io ihany ny boky ao amin'ny Baiboly manontolo izay nosoratan'i Jesosy Tenany mihitsy, tamin'ny alalan'ny fisehoany manokana tamin'ny mpanora-dalàna iray. Io no boky farany ao amin'ny Baiboly, kanefa izy dia milaza ny fiandohana sy ny fiafaran'ny fahatanterahan'ny Filazantsara.

Ankehitriny aza, ny teny Grika hoe fanambaràna dia "Apokalypsy", izay midika hoe "fanehoana". Izany fanehoana izany dia tena voafaritra tsara ao amin'ny ohatry ny mpanao sary sokitra, mampiseho izany amin'ny mpitazana. Izany dia manala ny sarony, mampiharihary izay niafina tao taloha. Ary ankehitriny, ilay fanehoana dia tsy ny fanambarana fontsiny ny maha Olona an'i Kristy, fa ny FANAMBARÀNA NY ASANY AMIN'NY HO AVY AMIN'NY FAHATONGAVAN'NY TAOM-PIANGONANA FITO.

Ny maha zava-dehibe ny fanambaràna avy amin'ny Fanahy amin'ny mpino marina dia tsy afaka na oviana na oviana ho antitranterina. Ny fanambarana dia mety midika ho mihoatra noho ny fiheveranao azy. Ankehitriny aho dia tsy miresaka momba ity Bokin'ny Apokalypsy sy ianareo. Miresaka momba ny fanambaràna REHETRA aho. Tena zava-dehibe izany eo amin'ny fiangonana. Tadidinao ve ao amin'ny Matio 16 tamin'ny nanontanian'i Jesosy ny mpianany ity fanontaniana ity: "Iza no ilazan'ny olona momba Ahy ilay Zanak'olona? Dia hoy ireo: ny sasany milaza fa ianao no Jaona Mpanao-batisa, ny sasany Elia, ary hoy ny sasany Jeremia, na anankiray amin'ny mpaminany. Ary hoy Izy tamin'izy ireo: Fa iza ianareo kosa manao Ahy ho iza? Ary namaly Simona Petera ka nanao hoe: Hianao no Kristy, Zanak'Andriamanitra velona. Ary Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Sambatra ianao ry Simona Barijaona fa ny nofo aman-drà tsy nanambara anao izany, fa ny Raiko Izay any an-danitra. Ary hoy aho aminao, ianao no Petera, ary eo ambonin'ity vatolampy ity no aoriko ny Fiangonako; ary ny vavahadin'ny helo tsy haharesy azy." ny Katolika Romana milaza fa ny fiangonana dia naorina teo amin'i Petera. Ary izany dia tena araka ny nofo. Ahoana no hanorenan'Andriamanitra ny fiangonany eo amin'ny lehilahy izay miovaova ary izy nandà an'i Jesosy Tompo ary nanozona tamin'ny nanaovany izany? Andriamanitra dia tsy afaka manangana ny Fiangonana amin'ny olona teraka tao anatin'ny ota. Ary tsy ny vatolampy nandry teo toy ny hoe efa namasinin'Andriamanitra tamin'izany toerana izany. Ary tsy mba tahaka ny filazan'ny Protestanta manao hoe ny fiangonana naorina teo amin'i Jesosy. Izany dia ny FANAMBARANA. Vakio izany araka ny fomba nanoratana azy: "tsy nofo aman-drà no naneho (NANAMBARA) izany, fa NY RAIKO NO NANAMBARA IZANY, ARY AMBONIN'ITY VATOLAMPY ITY (FANAMBARANA) NO HAORIKO NY FIANGONAKO:" Ny Fiangonana dia miorina amin'ny Fanambarana, dia ny "izao no lazain'ny Tompo".

Ahoana no fomba nahafantaran'i Abela izay tokony hatao mba hanaterana fanatitra araka ny tokony ho izy ho an'Andriamanitra? Tamin'ny alalan'ny finoana no nandraisany ny fanambaràna ny amin'ny rà. Kaina tsy nahazo fanambaràna toy izany (na dia nanana didy aza izy) noho izany tsy afaka nanao ilay sorona tena izy ny tenany. Ny fanambarana avy amin'Andriamanitra no mampiavaka izany, ary Andriamanitra nanome an'i Abela fiainana mandrakizay. Ankehitriny ary dia azonao raisina izay voalazan'ny pasitora, na izay ampianarin'ny seminera, ary na dia mety ampianarina anareo amin'ny fahaiza-miteny aza izany, raha tsy Andriamanitra no manambara aminareo fa i Jesosy no ilay Kristy,

ary ny rà no manadio anareo, ary Andriamanitra no Mpamonjy anareo, dia tsy hanana ny fiainana mandrakizay ianareo.Ny fanambarana ara-panahy no manao izany.

Ankehitriny aho dia nilaza fa ity Bokin'ny Apokalypsy dia ny fanambaràn'i Jesosy sy ny zavatra Ataony ao amin'ny fiangonana ho an'ireo vanim-potoana fito ireo. Izany dia fanambarana satria ireo mpianatra ireo aza tsy nahalala ireo fahamarinana voarakitra ireo. Mbola tsy nambàra tamin'izy ireo teo aloha izany. Tsaroanareo fa tonga teo amin'i Jesosy izy ireo ao amin'ny Bokin'ny Asan'ny Apostoly ary nanontany Azy: "Ianao ve amin'izany fotoana izany hamerina ny fanjakana ho amin'ny Isiraely?" Ary hoy ny navaliny: "Tsy anjaranareo ny mahalala ny andro na ny fotoana." Ireo lehilahy ireo dia mbola nieritreritra an'i Jesosy ho manana fanjakana eto an-tany. Fa izany dia fanjakana ara-panahy izay Izy no hanorina azy. Tsy afaka nolazainy tamin'izy ireo na ny Toerany ao amin'izany aza, satria ny Ray mbola tsy nanambara izany Taminy. Fa ankehitriny kosa taorian'ny nahafatesany sy ny fitsanganany tamin'ny maty, ary amin'io fotoana manokana ao amin'ny asa fanompoana fanelanelanana io, Izy dia afaka mamoaka etoana amin'ity fanambarana ity ny amin'ny Tenany tamin'i Jaona, ny dikany sy ny ataon'ny Voninahiny amin'ny fanatrehany ao amin'ny fiangonana.

Ao amin'ity fanambaràna ity dia milaza amintsika ny hiafaran'ny ny devoly Izy. Nilaza ny fomba hanaovany ny devoly Izy sy ny hanipazany azy ao amin'ny farihy afo. Nambaràny ny fiafaràn'ny ratsy fanahy izay manaraka an'i Satana. Ary i Satana tsy tia an'izany. Efa voamarikao ve fa tsy tian'i Satana ny boky roa ao amin'ny Baiboly mihoatra noho ny hafa? Amin'ny alalan'ny teolojianina liberaly sy ny mpahay siansa, izy dia manafika foana ny Bokin'ny Genesisy sy ny Bokin'ny Apokalypsy. Ao amin'ireo boky roa ireo no ahitantsika ny niandohan'ny Satana, ny fomba ratsiny sy ny fandringanana azy. Izany no antony hanenjehany azy ireo.Tsy tiany ny hiseho, ary ao amin'ireo boky ireo dia hita tsara ny maha izy azy. Hoy i Jesosy momba an'i Satana, "Tsy manana anjara amiko izy ary Izaho tsy manana anjara ao aminy." Ny devoly dia te hanaporofo ny mifanohitra amin'izany; nefa tsy afaka, noho izany dia ataony izay rehetra azony atao mba hamotehana ny fahatokisana ny Teny. Fa rehefa tsy mety mino an'i Satana ny fingonana fa mino ny fanambaran'ny Fanahy ny amin'ny Teny, ny vavahadin'ny helo tsy haharesy azy.

Mamelà ahy hametraka teny iray avy amin'ny asa fanompoako raha sitrakareo. Ianareo rehetra mahafantatra fa io fanomezam-pahasoavana teo amin'ny fiainako io dia mihoatra ny natioraly. Izany fanomezam-pahasoavana izany dia ny Fanahy Masina afaka mamantatra ny aretina, sy ny eritreritry ny olona ao am-pony, ary zavatra hafa miafina izay Andriamanitra irery ihany no afaka mahalala ary avy eo dia Hambarany amiko. Enga anie ianao ka afaka hijoro miaraka amiko ka ahita ny tavan'ny olona rehefa fantar'i Satana fa ho hita miharihary izy. Ankehitriny dia tsy ny olona akory no tiako horesahina. Izany dia i Satana mihazona azy ireo eo amin'ny fiainany amin'ny alalan'ny fahotana, tsy firaharahiana, sy ny aretina. Fa ianao kosa tokony hahita ny tarehin'izy ireo. Fantatr'i Satana fa haseho izy, ary misy fiovàna toa tena hafahafa tonga eny amin'ny endriky ny olona. Satana dia raiki-tahotra. Fantany fa ny Fanahin'Andriamanitra dia hamela ny olona hahalala ny asany. Izany no antony tena tsy hitiavany izao fivoriana izao. Rehefa antsoina ny anarana ary ny aretina ambara, dia ankalahan'i Satana izany. Ary inona moa izany? Tsy famakiana ny ao an-tsaina izany,tsy telepatia (karazana fanainga-lavitra), sady tsy filalaovana ody. Izany dia ny FANAMBARANA amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Izay ihany ny fomba ahafantarako azy. Mazava ho azy fa ny saina maha-olombelona nofo dia hilaza zavatra hafa ankoatran'ny Fanahy Masina.

Mamelà ahy ianareo haneho antony iray hafa, dia ny antony tsy hitiavan'i Satana ity Bokin'ny Fanambaran'i Jesosy Kristy ity ao amin'ny Fiangonana. Fantany fa i Jesosy Kristy no tsy miova omaly, sy anio ary mandrakizay, ary tsy miova Izy. Izy dia mahafantatra betsaka nohon'ny sivifolo isan-jaton'ny teolojiana. Fantany izany satria Andriamanitra tsy afaka hovaina ao amin'ny Natiorany, ary

Izy dia tsy mety miova amin'ny Lalany. Noho izany fantatr'i Satana marina tokoa fa ny fiangonana tany am-boalohany tamin'ny Pentekosta niaraka tamin'ny herin'Andriamanitra (Marka 16 amin'ny asa) no tena Fiangonana Marina lazain'Jesosy fa Azy. Ny zavtra hafa rehetra diso. Tsy maintsy izany.

Ankehitriny dia tsarovy izany. Kristy ao amin'ny Fiangonana Marina dia ny fitohizan'ny Bokin'Asan'ny Apostoly. Fa ny Bokin'ny Apokalypsy dia maneho fa ny fanahin'ny antikristy ho tonga ao amin'ny fiangonana sy handoto azy, ka mahatonga azy ho matimaty, manaraka fombafomba sy tsy manan-kery. Izany dia mampiseho an'i Satana sy mampiharihary ny asany (fanandramana ny fandringanana ny vahoakan'Andriamanitra sy ny fanaovana tsinontsinona ny tenin'Andriamanitra) mankany amin 'ny fotoana hanipazana azy any amin'ny farihy afo. Miady amin'izany izy. Tsy tantiny izany. Fantany fa raha azon'ny olona ny FANAMBARANA MARINA ny amin'ny FIANGONANA MARINA sy ny maha izy azy, ny antony hijoroany ary IZY DIA AFAKA HANAO ASA LEHIBE KOKOA, ary tafika tsy mety resy izy. Raha azon'izy ireo ny tena fanambaràna ny amin'ny fanahy roa ao anatin'ny sehatry ny Fiangonana Kristianina, ary avy amin'ny Fanahin'Andriamanitra, mamantatra sy manohitra ny fanahin'ny antikristy, i Satana dia tsy hanan-kery eo anatrehany. Izy dia tena ho voasakana amin'izao andro izao tahaka an'i Kristy nanohitra ny fikasany rehetra mba hananany fahefana teo aminy tany an'efitra. Eny, i Satana dia mankahala fanambaràna. Fa isika tia izany. Amin'ny tena fanambaràna marina eo amin'ny fiainantsika, ny vavahadin 'ny helo tsy haharesy antsika, fa isika no haharesy azy ireo.

Ho tsaroanareo fa voalazako ao amin'ny fiandohan'ity hafatra ity fa ny Boky izay ianarantsika dia ny tena fanambaran'i Jesosy, ny Tenany, ao amin'ny Fiangonana sy ny Asany amin'ny taona ho avy. Avy eo aho nilaza fa ilaina ny Fanahy Masina mba hanome antsika ny fanambaràna, raha tsy izany dia tsy hahazo izany isika. Ny fitondrana izany hevitra roa izany miaraka no ahitanao fa tsy fisainana na fianarana tsotra fotsiny no nahatonga azy ho tena Boky. Io dia mandeha amin'ny fiasan'ny Fanahy Masina. Midika izany fa io Boky io tsy afaka haseho amin'iza na iza afa-tsy amin'ny sokajin'olona manokana ihany. Ny iray izay manam-pahalalana amin'ny faminaniana no ilaina. Izany dia mitaky fahaizana mandre an'Andriamanitra. Izany dia mitaky toromarika mihoatra ny natioraly, fa tsy hoe ny mpianatra mampitaha andininy amin'ny andininy fontsiny, na dia tsara aza izany. Fa ny zava-miafina dia mitaky fampianarana avy amin'ny Fanahy, raha tsy izany tsy hazava na oviana na oviana izany. Endre izany isika mila mihaino an'Andriamanitra, ary manokatra ny tenantsika mba atolotra ny Fanahy mba handrenesana sy hahafantarana.

Araka ny efa nolazaiko hoe: Ity Boky ity (Apokalypsy) dia ny fahatanterahan'ny Soratra Masina. Izy io dia mipetraka tsara eo bokin'ny Soratra Masina, any amin'ny farany. Ankehitriny ianao dia afaka mahafantatra ny antony hilazana hoe, na iza na iza mamaky na mandre izany dia voatahy. Io dia ny fanambaràna avy amin'Andriamanitra izay hanome anao fahefana handresy ny devoly. Ary ianareo afaka mahita hoe nahoana izay manampy na manala avy amin'io dia ho voaozona. Tsy maintsy ho izany, fa iza no afaka hanampy na hanaisotra ny fanambaràna tonga lafatra izay an'Andriamanitra ary handresy ny fahavalo? Tena tsotra izany. Tsy misy fahefana mahery tahaka ny fanambaràna ny Teny. Jereo, eo amin'ny andininy fahatelo ny fitahina dia ambàra amin'ny ireo izay manome fijerena manokana ho an'ity Boky ity. Mieritreritra aho fa izany dia manondro ny fanaon'ny mpisorona tao amin'ny Testamenta Taloha, mamaky ny Teny ho an'ny olona amin'ny maraina. Hitanareo, maro no tsy nahay namaky teny, noho izany ny mpisorona tsy maintsy namaky izany. Raha mbola izany koa ny Teny, dia eo ny fitahina. Tsy mampaninona izany na vakiana na henoina.

"Atomotra ny fotoana." Ny fotoana dia tsy atomotra teo aloha. Amin'ny fahendrena sy ny fitsitsin'Andriamanitra, io fanambaràna mahery io (na dia fantatr'Andriamanitra tanteraka aza) dia tsy afaka navoaka hatreto. Noho izany isika dia mianatra fitsipika avy hatrany -- ny fanambaràna avy

amin'Andriamanitra ho an'ny vanim-potoana tsirairay dia tonga amin 'izany vanim-potoana izany ihany, ary amin'ny fotoana miavaka. Jereo ny tantaran'ny Israely. Ny fanambaràn'Andriamanitra tamin'i Mosesy dia tonga tamin'ny fotoana manokana teo amin'ny tantara, ary mbola niavaka kokoa ny nahatongavany raha nitaraina tamin' Andriamanitra ny olona. Jesosy, Izy Tenany, dia tonga tao amin'ny fahafenoan'ny fotoana, Izy ilay fahafenon'ny Fanambaràna ny momban'Andriamanitra. Ary amin'izao vanim-potoana izao (Laodikia) ny fanambaràna avy amin'Andriamanitra dia ho avy amin'ny fotoana mahamety izany. Tsy hiozongozona izany, na ho tonga mialoha. Eritrereto izany ary tandremo tsara, satria isika amin'izao fotoana izao dia ao amin'ny andro farany.

FIARAHABANA Apokalipsy 1:4-6
"Jaona mamangy ny fiangonana fito any Asia: Ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'Ilay Ankehitriny sy Taloha ary Ho avy; ary avy amin'ny Fanahy fito izay eo anoloan'ny Seza Fiandrianany; ary avy amin'i Jesosy Kristy, Vavolombelona Marina sy Lahimatoa amin'ny Maty ary Lehiben'ny Mpanjaka amin'ny Tany. Ho an'Ilay tia antsika ary nanàsa antsika ho afaka amin'ny fahotantsika tamin'ny Ràny, sady efa nanao antsika ho manjaka sy mpisorona ho an'Andriamanitra Rainy,- ho Azy anie ny voninahitra sy ny fanjakana mandrakizay mandrakizay. Amena."

Ny teny hoe Azia raha ny marina dia Azia Minora. Izany dia tany kely tahaka ny haben'i Indiana. Ny fiangonana fito tany dia nofidina manokana tamin'ny fiangonana hafa rehetra noho ny toetrany, izay toetra hita ao amin'ny vanim-potoana nifandimby taonjato maro tatỳ aoriana. Ny Fanahy fito eo anoloan'ny seza fiandrianana dia ny Fanahy izay tao amin'ny iraka fito, nanome azy ireo ny asa fanompoana ho an'ny vanim-potoana tsirairay niainan'izy ireo. Ary izany teny rehetra izany ankehitriny: "Izy ilay Ankehitriny", ary: "Izy ilay Taloha", ary "Ilay Ho Avy", ary "Vavolombelona Mendrika hitokisana", ary "Voalohany Tamin'ny Maty", ary "Mpanjakan'ny Mpanjakan'ny Tany", ary "Ny Alfa sy Omega", ary "Ny Tsitoha", dia anaram-boninahitra sy famaritana ny OLONA IRAY IHANY Izay i Jesosy Kristy Tompo, Ilay nanadio antsika ho afaka amin'ny fahotantsika tamin'ny Ràny.

Noho izany ny Fanahin'Andriamanitra tao amin'ny Jaona dia mametraka ny Maha Andriamanitra Fara-tampony an'i Jesosy Kristy sy ny hanambàra ny momba an' Andriamanitra amin'ny maha Andriamanitra IRAY Azy. Ankehitriny dia misy fahadisoana lehibe.Izany dia ny hoe misy Andriamanitra telo fa tsy iray. Ity fanambaràna ity raha nomen'i Jesosy an'i Jaona, Izy Tenany dia manitsy izany fahadisoana izany. Tsy hoe misy Andriamanitra telo, fa Andriamanitra iray manana fiasa telo. Andriamanitra IRAY amin'ny anaram-boninahitra telo, ny Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina no misy. Io fanambaràna mahery vaika io no nananan'ny fiangonana tany am-boalohany, ka tsy maintsy averina amin'ny laoniny amin'izao andro farany izao miaraka amin'ny fomba fanaovana ny batisan'ny rano tena marina.

Ary ankehitriny dia tsy miombon-kevitra amiko ireo teolojianina maoderina satria izao no voasoratra tao amin'ny gazety Kristianina lehibe iray. "Ny fampianarana (ny Andriamanitra telo izay iray) dia tena ao amin'ny fototry ny Testamenta Taloha. Io dia ao amin'ny fototry ny Testamenta Vaovao avokoa. Ny Testamenta Vaovao dia tena manohitra tahaka ny hanoheran'ny Testamenta Taloha fa misy Andriamanitra mihoatra ny iray. Kanefa ny Testamenta Vaovao izay mitovy mazava tsara dia mampianatra fa ny Ray dia Andriamanitra, ary ny Zanaka dia Andriamanitra, ary ny Fanahy Masina dia Andriamanitra, ary izy telo ireo dia TSY endriky ny Olona iray ihany, fa olona telo mitsangana tena mifandray amin'ny maha olona. Eo no ahitantsika ny foto-pampianarana lehibe momban'ny Olona Telo fa Andriamanitra iray."

Izy ireo ihany koa dia milaza, "Andriamanitra araka ny Baiboly dia tsy olona iray fotsiny, fa Izy dia

olona telo ao amin’ny Andriamanitra iray. Izany no zava-miafina lehibe ny amin'ny Andriamanitra telo izay iray”. Azo antoka fa izay. Ahoana no olona telo no ao amin'ny Andriamanitra iray? Tsy vitan'ny hoe tsy misy Baiboly ho an’izany, fa mampiseho ihany koa tsy fahampian-tsaina. Olona telo miavaka tsara, na dia mitovy aza ny maha izy azy, dia lasa andriamanitra telo, sa ve efa very tanteraka ny dikan-teny. Henoy tsara indray ireto teny ireto: “Izaho no Alfa sy Omega, ny Fiandohana sy ny Fiafaràna, hoy ny Tompo, Ilay Ankehitriny sy Taloha ary Ho Avy, dia ny Tsitoha”. Izany no maha Andriamanitra. Tsy mpaminany fontsiny izany, na olona. Izany no Andriamanitra. Ary tsy fanambaràna Andriamanitra telo izany, fa Andriamanitra IRAY, dia ny Tsitoha.

Ireo tany amin’ny fiangonana voalohany dia tsy nino Andriamanitra telo. Tsy nahita izany karazana finoana izany teo amin’ny apostoly ianao. Izany dia taorian’ny vanim-potoanan’ny apostoly, tonga io fotom-pampianarana io ka lasa tena olana sy fotom-pampianaran’ny kardinaly tao amin'ny Filan-kevitry ny Nicée-Constantinople. Ny foto-pampianarana momban’ny maha Andriamanitra dia niteraka fizarana roa tao Nicée. Ary avy amin’izany fivakisana izany dia nisy sampany roa. Ny iray niditra tamin’ny Politeisma, mino Andriamanitra telo, ary ny iray mino ny (unitarianism) finoana an’Andriamanitra amin’ny ankapobeny. Mazava ho azy fa nisy izany, ary natao, ary manana izany isika amin'izao fotoana izao. Fa ny Fanambaràna tamin’ny alalan'i Jaona avy amin’ny Fanahy ho any amin'ny fiangonana dia, “Izaho no Jesosy Kristy Tompo, ary izaho daholo izany REHETRA izany. Tsy misy Andriamanitra hafa”. Ary dia napetraka ao amin’io Fanambaràna io ny Tombokaseny.

Diniho izao: Iza no Rain'i Jesosy? Matio 1:18 mano hoe: “izy dia hita nitoe-jaza avy tamin'ny Fanahy Masina”. Fa Jesosy Izy Tenany anefa dia nilaza fa Andriamanitra no Rainy. Andriamanitra Ray ary Andriamanitra Fanahy Masina, araka ny hilazantsika ireo teny ireo matetika dia manao ny Ray sy ny Fanahy ho IRAY. Tena izany tokoa no izy, fa raha tsy izany dia nanana Ray roa i Jesosy. Mariho anefa fa nilaza i Jesosy fa Izy sy ny Rainy dia Iray - tsy roa . Izany hoe Andriamanitra IRAY.

Koa satria izany dia marina ara-tantàra sy araka ny Soratra Masina, ary ny olona manontany tena hoe avy aiza ny maha telo azy. Noho izany io dia tonga foto-pampianarana fototra tao amin'ny Filan-kevitry ny Nicée-Constantinople tamin'ny 325 taorian'i Kristy (A.D). Io telo izay iray io (tena azo antoka fa teny tsy araka ny Soratra Masina) dia nifototra tamin'ny andriamanitra maro ninoan’ny Romana. Ny Romana dia nanana andriamanitra maro nivavahany. Izy ireo koa dia nivavaka tamin’ny razambeny toy ny mpanelanelana. Izany dia dingana iray mba hanomezana anarana vaovao ireo andriamaniny taloha, noho izany isika dia mahita olo-masina mba hahatonga azy kokoa araka ny Baiboly. Araka izany ary, raha tokony ho Jupiter, Venise, Mars, sns, dia nosoloiny an'i Paoly, i Petera, Fatima, Christopher, sns, sns. Tsy afaka nampandeha ny fivavahana mpanompo sampy izy ireo avy amin'ny Andriamanitra iray, ka dia nozarainy telo Izy ary nataony mpanelanelana ny olona masina tahaka ny razambeny izay nataony mpanelanelana ihany koa.

Hatramin'izay ny olona tsy mba nahatakatra fa misy Andriamanitra iray monja miasa na miseho amin'ny fomba telo. Fantatr’izy ireo fa misy Andriamanitra iray araka ny Soratra Masina, kanefa ezahiny atao teoria mahafinaritra fa Andriamanitra dia tahaka ny salohim-boaloboka; olona telo manana Maha Andriamanitra mitovy izay zarain’ny rehetra tsy an-kanavaka. Saingy voalaza mazava tsara eto ao amin'ny Apokalypsy fa i Jesosy no “Ilay Ankehitriny”, “Ilay Taloha”, ary “Ilay Ho Avy”. Izy no ilay “Alfa sy Omega”, izay midika fa Izy no “A mankany amin’ny Z”, na IZANY REHETRA IZANY. Izy no zavatra rehetra -- Ny Tsitoha. Izy no Raozin’ny Sharon, ny Lisy an-dohasaha, ny Kintana Mamirapiratra Fitarika Andro, ny Rantsana Marina, ny Ray, ny Zanaka, ary ny Fanahy Masina. Izy no Andriamanitra, ilay Andriamanitra Mahery Indrindra. ANDRIAMANITRA IRAY.

1Timoty 3:16 milaza hoe: “Ary iaraha-manaiky mihitsy fa lehibe ny zava-miafina momba ny toe-

panahy araka an'Andriamanitra: Andriamanitra dia naseho teo amin'ny nofo, nohamarinina tao amin'ny Fanahy, hitan'ny anjely, notorina tany amin'ny Jentilisa, ninoan'izao tontolo izao , nakarina ho any amin'ny Voninahitra". Izao no lazain'ny Baiboly. Tsy milaza mpisolo tena voalohany na faharoa na fahatelo izy eto. Izao no voalaza, Andriamanitra dia Ilay naseho teo nofo. Andriamanitra Iray. Izany ANDRIAMANITRA IRAY izany dia niseho tamin'ny nofo. Izany dia tokony efa mahazàva izany. Andriamanitra dia tonga tamin'ny endrik'olombelona. Izany tsy mahatonga Azy ho ANDRIAMANITRA HAFA. EFA ANDRIAMANITRA IZY, ANDRIAMANITRA TSY MIOVA. Noho izany, fanambaràna ilay izy, ary fanambarana amin'izao fotoana izao. Andriamanitra Iray.

Aoka isika hiverina ao amin'ny Baiboly hijery ny momba Azy tany am-piandohana, araka ny fanambaràna Nomeny ny tenany. Ilay Jehovah lehibe dia niseho tamin'i Israely tao anaty andry afo. Toy ny Anjelin'ny Fanekena dia nonina teo amin'izany andry afo izany Izy ary nitondra ny Isiraely isan'andro. Tao amin'ny tempoly Izy dia nanambàra ny fiaviany amin'ny rahona lehibe. Avy eo indray andro dia niseho teraka tamin'ny vatana virjiny izay natokana ho Azy. Ilay Andriamanitra Izay teo ambonin'ny tranolain'Isiraely izao no mitondra eo amin'ny Tenany tranolay nofo ary monina tahaka ny olona eny anivon'ny olona. Fa Izy ihany ilay Andriamanitra tsy miova.

Ny Baiboly dia mampianatra fa ANDRIAMANITRA TAO AMIN'I KRISTY. Ilay VATANA dia i Jesosy. Ao Aminy no hitoeran'ny fahafenoan'ny fomban'Andriamanitra ARA-BATANA. Tsy misy zavatra azo hazavaina misimisy kokoa noho izany. Zava-miafina, eny. Fa tena marina - tsy misy fanazavàna mihoatra izany. Koa raha toa ka tsy olona telo ary Izy tamin'izany, dia tsy ho olona telo koa Izy ankehitriny. ANDRIAMANITRA IRAY; ary izany Andriamanitra iray izany ihany no tonga nofo.

Hoy Jesosy: "Izaho tonga avy tamin'ny Ray ka handeha (hiverina) ho any amin'Andriamanitra". Jaona 16: 27-28. Izany mihitsy no nitranga. Niala tety an-tany Izy tamin'ny alalan'ny nahafatesany, ny fandevenana Azy, ny fitsanganany tamin'ny maty, ary ny fiakarany. Ary avy eo Paoly nihaona taminy teny an-dalana ho any Damaskosy, ary dia niteny tamin'i Paoly Izy ka nanao hoe, "Saoly, Saoly, nahoana ianao no manenjika Ahy?" Paoly nanao hoe, "Iza moa hianao, Tompoko?" Dia hoy izy: "Izaho no Jesosy." Izy dia ilay andry afo, fahazavàna manajamba. Niverina Izy, tena araka izay nolazainy fa ataony. Niverina tamin'ilay endriny, talohan'ny nandraisany tranolay nofo. Izany mihitsy ny fomba nahitan'i Jaona Azy. Jaona 1:18 "Tsy mbola nisy olona nahita an'Andriamanitra na oviana na oviana; fa ny Zanakalahy Tokana, Izay ao an-tratran'ny Ray, Izy no nanambara Azy". Mariho izay nilazan'i Jaona hoe TAIZA i Jesosy. Izy dia AO an-tratran'ny Ray.

Lioka 2:11 hoe: "Fa teraka ho anareo anio ao an- tanànan'i Davida ny Mpamonjy, dia Kristy Tompo". Teraka Kristy Izy, ary valo andro tatỳ aoriana, rehefa noforàna Izy dia natao hoe Jesosy, araka izay efa nolazain'ny anjely tamin'izy ireo. Izaho dia teraka Branham. Rehefa teraka aho dia nomen'izy ireo ahy ny anarana William. Izy dia KRISTY fa nomena anarana tety an-tany an'ivon'ny olona. Ilay tabernakely ivelany izay hitan'ny olona no nantsoina hoe Jesosy. Izy no Tompon'ny voninahitra, ilay Tsitoha niseho tamin'ny nofo. Izy no Andriamanitra Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina. Izy izany rehetra izany.

Ny Ray, Zanaka, ary ny Fanahy Masina dia anaram-boninahitra fotsiny ihany. Tsy anarana izy ireo. Izany no mahatonga antsika manao batisa amin'ny anaran'ny Jesosy Kristy Tompo, fa izany no anarana, fa tsy anaram-boninahitra. Izany dia ny anaran'ireo anaram-boninahitra ireo, toy ny maka zaza vao teraka, zazalahy iray, ary manome anarana azy. Zazakely izy aloha, zazalahy ny anaram-boninahitra, avy eo izy dia omena anarana, John Henry Brown. Ianao tsy manao batisa fotsiny amin'ny "Anaran'i Jesosy". Misy an'arivony maro ny Jesosy eto amin'izao tontolo izao, ary efa talohan'ny Jesosy ilay Mpamonjy antsika aza. Fa iray ihany tamin'izy ireo no teraka Kristy, "Jesosy Kristy Tompo".

Ny olona miresaka momba an'i Jesosy ho ilay Zanak'Andriamanitra Mandrakizay. Ankehitriny moa tsy mifanohitra va izany? Taiza no mbola nisy “Zanaka” ho mandrakizay? Ny zanaka manam-piandohana, fa ilay mandrakizay tsy nanam-piandohana. Izy no Ilay Andriamanitra Mandrakizay (Jehovah) niseho teo amin'ny nofo. Ao amin'ny Filazantsaran'i Jaona dia voalaza hoe: “Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra. Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina tamintsika.” Izy no Vavolombelona Marina sy Mahatoky ny Teny mandrakizay izay an'ny Ray. Izy dia Mpaminany ary afaka milaza izay nandidin'ny Ray Azy: Hoy izy hoe: “Ny Raiko dia ato amiko”. Izay no nolazain’i Jesosy ilay tabernakely nanao hoe: “Ny Raiko no ato amiko”. Manana anaram-boninahitra maro Andriamanitra: “Fahamarinantsika”, “Ny Fiadananantsika”, “Manatrika Ankehitriny”, “Ray”, “Zanaka” ary ny “Fanahy Masina”; fa Izy dia manana anarana olombelona iray ihany ary io anarana io no atao hoe Jesosy.

Aza sahiran-tsaina satria manana fiasa telo Izy na manana fisehoana telo sosona. Tety an-tany Izy dia Mpaminany; any an-danitra, Izy no mpisorona; ary miverina indray ety an-tany, Izy no Mpanjakan'ny Mpanjaka. “Izy ilay Taloha” - I Jesosy izany, ilay Mpaminany. “Izy ilay Ankehitriny”-- Izy ihany Izany, ilay Mpisoronabe, manao fifonana (fanelanelanana) -- Ilay Iray azo nokasihina tamin'ny fahatsapana ny fahalementsika. “Izay tsy maintsy Ho avy” -- Izany no ilay Mpanjaka ho avy. Tety an-tany Izy dia ny Teny -- ny Mpaminany. Hoy i Mosesy nilaza ny momba Azy, “Ny Tompo Andriamanitrareo hanangana Mpaminany tahaka ahy, ary amin’izany raha toa ka tsy mihaino ny tenin'izany Mpaminany izy ireo dia hofongorana tsy ho amin'ny olona.”

Mariho ireo zavatra misy momba an'i Jesosy. Tety an-tany Izy dia Mpaminany, Zanak'ondry sy Zanaka. Izany dia tsy mahatonga Azy ho telo. Ireo dia fisehony ihany, na fiasan’ny Olona Iray, Jesosy.

Ary eto dia misy ampahany amin'ny Soratra Masina izay tena malaza eritreretin’ireo manao Andriamanitra telo,hanaporofoiny fa mihoatra ny Olona ao amin'ny maha Andriamanitra. Izany dia ny Apokalypsy 5: 6-8 manao hoe: “Ary hitako fa, indro, teo afovoan'ny seza fiandrianana sy ny zava-manan'aina efatra ary teo afovoan'ny loholona dia nisy Zanak'ondry nitsangana tahaka ny efa voavono, nanana tandroka fito sy maso fito, dia ny Fanahy fiton'Andriamanitra nirahina hankany amin'ny tany rehetra. Ary tonga Izy ka nandray ny boky teo an-tanana ankavanan'ilay nipetraka teo ambonin'ny seza fiandrianana. Ary rehefa nandray ny boky Izy, ny zava-manana-aina efatra sy ny loholona efatra amby roa-polo dia niankohoka teo anatrehan'ny Zanak'ondry, sady samy nanana lokanga sy lovia volamena feno ditin-kazo manitra izy, dia ny vavaka ataon'ny olona masina izany.” Ireo andininy ireo tokoa, raha mitokana, dia toa mba manaporofo ny tiandry zareo ambara. Mariho tsara, hoy aho: ireo andininy MITOKANA (isolé) ireo. Na izany aza vakio ny Apokalypsy 4: 2-3 ary 9-11, “Ary niaraka tamin'izay dia voatsindrin'ny Fanahy aho; ary indro seza fiandrianana nipetraka tany an-danitra, ary nisy IRAY nipetraka teo ambonin'ny seza fiandrianana. Ary ny tarehin'ilay nipetraka dia tahaka ny vato jaspy sy karneola; ary avana mitarehin'emeralda no nanodidina ny seza fiandrianana. Ary raha ny zava-manan'aina hanome voninahitra sy haja ary fisaorana ho an'ilay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana, dia Izay velona mandrakizay mandrakizay, dia hiankohoka eo anoloan'izay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana ny loholona efatra amby roa-polo ka hivavaka amin'izay velona mandrakizay mandrakizay, dia hanipy ny satro-boninahiny eo anoloan'ny seza fiandrianana ka hanao hoe: Hianao, Tomponay sy Andriamanitray, no mendrika handray ny voninahitra sy ny haja ary ny hery; Fa Hianao no nahary ny zavatra rehetra, Ary noho ny Sitraponao no nampisy sy nahariana azy.” Tsara marihina eo amin'ny andininy faharoa izay voalaza hoe , “IRAY” (tsy roa na telo, fa IRAY) nipetraka teo ambonin'ny seza fiandrianana. Ao amin'ny andininy fahatelo dia manao hoe: “IZY” (TSY izy ireo) no tahaka ny vato jaspy ny fijery Azy. Ao amin'ny andininy fahasivy dia voalaza fa ireo zava-manan’aina dia nanome voninahitra “AZY” (tsy izy ireo). Ao amin'ny andininy fahafolo no ahitana fa

ny loholona dia niankohoka teo anatrehany “IZY” (tsy izy ireo). Ao amin'ny andininy faha iraika ambin'ny folo dia voalaza fa niantso izy ireo: Hianao no mendrika Tompo ô” (tsy Tompo maro). Ary koa eo amin'ny andininy faha iraika ambin'ny folo dia lazainy hoe ilay IRAY eo ambonin'ny seza fiandrianana no “Mpamorona”, dia Jesosy (Jaona 1:3), izany hoe Fanahin’i Jehovah Andriamanitra ao amin’ny Testamenta Taloha. (Genesisy 1:1)

Fa aoka isika tsy hijanona ao. Vakio ny ao amin'ny Apokalypsy 3:21, “Izay maharesy dia havelako hiara-mipetraka Amiko eo ambonin'ny Seza fiandrianako dia tahakan’ny nandreseko koa, ka hipetrahako miaraka amin'ny Raiko eo ambonin'ny Seza Fiandrianany.” Vakio ihany koa ny Hebreo 12:2 , “mijery an'i Jesosy ilay Mpamorona sy Mpanantanteraka ny finoantsika; Izay nohon’ny fifaliana teo anoloany dia niharitra ny hazo fijaliana, fa tsy nitandro henatra ary mipetraka eo amin'ny ankavanan'ny Seza Fiandrianan'Andriamanitra.” Mariho fa raha i Jesosy, Izy Tenany, Izay nanoratra ny Apokalypsy dia efa mipetraka MIARAKA amin'ny Ray. Ny Fanahy tao amin’i Paoly (Izany Fanahy izany dia ny Fanahin 'i Kristy, fa izany no Fanahin'ny Faminaniana ahatongavan’ny Teny) dia milaza fa Izy dia efa mipetraka eo an-TANAN-KAVANAN'Andriamanitra. Fa raha nijery Jaona dia tsy nahita afa-tsy “IRAY” teo amin'ny seza fiandrianana. Ary mandra-pahatonga any amin’ny Apokalypsy 5:6-8 (izay manaraka ny Apokalypsy 4:2-3 amin'ny fifandimbiasan’ny fotoana) no ahitantsika ny “Zanak'ondry” maka ny boky avy eo aminy “IZY” Ilay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana, araka ny voalaza ao amin'ny Apokalypsy 4:2-3 ary ny 9-10. Inona ary izany?

Izany dia ny zava-miafina momban’ny “ANDRIAMANITRA IRAY.” Izy (Jesosy) nivoaka avy tamin'ny Ray, tonga niseho tamin'ny nofo, maty ary nitsangana indray ka niverina ho eo amin'ny “Tratran'ny Ray.” Araka ny voalazan’i Jaona hoe: “Ny Zanakalahy Tokana Izay AO an- tratran'ny Ray, Izy no nanambara Azy.” John 1:18. Efa fotoana ho an'Andriamanitra (Mesia) hiverina indray mba hitaky ny Ampakarina, ary hanehoany ny Tenany (hampahafantatra ny Tenany) amin’ny Isiraely. Noho izany isika dia ahita an'Andriamanitra indray handeha hivoaka mba hanantanteraka fifandraisana ara-batana amin’ny olona amin’ny maha “Zanak'i Davida, Mpanjakan'ny Mpanjaka sy Tompon'ny tompo, ary Mpampakatra ny Jentilisa Ampakarina.” Tsy Andriamanitra “Roa” fa ANDRIAMANITRA IRAY maneho ny fiasany telo mahery sy ny anaram-boninahitra.

Ny olona nahalala fa ny Mpaminany Izy. Fantatr'izy ireo ny famantarana ny Mesia, izay amin'ny alalan'ny mpaminany ihany no ahatongavany. Jaona 1:44-51, “Ary Filipo dia avy any Betsaida, tanànan'i Andrea sy Petera. Filipo kosa nahita an'i Natanaela ka nanao taminy hoe: Efa hitanay Izy, Ilay nosoratan'i Mosesy tao amin'ny lalàna, sy ny mpaminany, i Jesosy avy any Nazareta, zanak'i Josefa. Ary hoy Natanaela taminy, moa mba misy zava-tsoa va avy any Nazareta? dia hoy Filipo taminy, avia raha hijery. Jesosy nahita an'i Natanaela avy manatona Azy, dia nilaza ny momba azy: Jereo tena Isiraelita, tsy misy diso mihintsy ny aminy! Hoy Natanaela taminy: Ahoana no ahafantaranao ahy? Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Alohan’ny niantson’i Filipo anao, tamin’ny ianao teo ambanin'ny aviavy, hitako anao. Dia namaly Natanaela ka nanao taminy hoe: Raby ô, Hianao no Zanak'Andriamanitra; Hianao no Mpanjakan'ny Isiraely. Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Satria hoy aho taminao hitako ianao teo ambanin'ny aviavy, dia nino ianao? Mbola hahita zavatra lehibe noho izany ianao. Ary hoy Izy taminy: Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, aorianan’izao dia ho hitanareo misokatra ny lanitra ary ny anjelin'Andriamanitra miakatra sy midina eo ambonin'ny Zanak'Olona.” Ny fahaizana mamantatra ny hevitry ny fo eo amin'ny olona no nahatonga ny olom-boafidin'Andriamanitra hahatakatra fa ny Mesia no teo, ilay Tenin'Andriamanitra voahosotra. Hebreo 4:12, “Fa ny Tenin'Andriamanitra dia velona sy mahery, ary maranitra noho ny sabatra roa lela, ka manindrona hatramin'ny fampisarahana ny aina sy ny fanahy, ary ny tonona sy ny tsoka, ka mahay mamantatra ny eritreritra sy ny fikasàn’ny fo.”

Tamin’ilay vehivavy teo am-pantsakana nandre Azy namantatra ny hevitry ny fony dia nankalaza Azy ho mpaminany izy, nambarany fa ny Mesia dia ho fantatra noho izany fahaizana lehibe izany. Jaona 4:7-26. “Ary nisy vehivavy anankiray avy ao Samaria tonga hantsaka rano; dia hoy Jesosy taminy: Omeo Aho mba hosotroiko. (Ny mpianany lasa nankany an-tanàna hividy hanina). Ary hoy ilay vehivavy Samaritana taminy: Nahoana no Ianao Jiosy no mangataka amiko mba hisotro, izaho izay vehivavy Samaritana? Ny Jiosy mantsy dia tsy mifandray amin'ny Samaritana. Jesosy namaly azy ka nanao hoe: Raha fantatrao ny fanomezan'Andriamanitra, ary Izay miteny aminao hoe: Omeo Aho hosotroiko, dia mety nangataka taminy ianao, ka nomeny rano velona. Hoy ravehivavy taminy: Tompoko ianao tsy manana fanovozana, ary ny fantsakana lalina, avy aiza ianao no haka izany rano velona izany? Ianao ve lehibe noho i Jakoba razambenay izay nanome anay ity fantsakana ity, ka nisotro teto ny tenany sy ny zanany ary ny bibiny?

Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Izay rehetra misotro ity rano ity dia mbola hangetaheta indray; Fa na iza na iza no misotro ny rano izay homeko azy dia tsy hangetaheta mandrakizay; fa ny rano izay homeko azy dia ho lasa fantsakana feno hatrany any amin'ny fiainana mandrakizay ao aminy. Hoy ravehivavy taminy, Tompoko, omeo izany rano izany aho, mba tsy hangetaheta na tonga hantsaka eto. Hoy Jesosy taminy, mandehana ary antsoy ny vadinao, dia tongava eto. Namaly ravehivavy ka nanao hoe, tsy manam-bady aho. Hoy Jesosy taminy, voalazanao tsara fa hoe tsy manam-bady aho. Fa efa nanana vady dimy ianao; ary ilay anananao izao ao tsy vadinao; marina tokoa ny voalazanao amin’izany. Hoy ravehivavy Taminy, Tompoko, hitako fa mpaminany Ianao. Ny razambenay nivavaka teto amin'ity tendrombohitra ity; ary ianareo kosa milaza fa any Jerosalema no toerana tokony hivavahana. Hoy Jesosy taminy, Ravehivavy, minoa Ahy, fa avy ny andro ka tsy amin'ity tendrombohitra ity , na any Jerosalema no hivavahanareo amin'ny Ray. Hianareo mivavaka amin'izay tsy fantatrareo fa fantatray izay ivavahanay; fa ny famonjena avy amin'ny Jiosy. Fa tonga ny ora, ary ankehitriny, rehefa mivavaka amin'ny Ray amin'ny fanahy sy ny fahamarinana ny tena mpivavaka; fa ny Ray mitady ny hanompo Azy tahaka izany. Andriamanitra dia Fanahy; ary izay mivavaka Aminy tsy maintsy mivavaka amin'ny Fanahy sy ny fahamarinana. Hoy ravehivavy taminy, fantatro fa avy ny Mesia, izay atao hoe Kristy, ka rehefa tonga Izy dia hambarany amintsika ny zavatra rehetra. Hoy Jesosy taminy, Izaho Izay miresaka aminao no Izy.”

Ao amin'ny Apokalypsy 15:3 dia voalaza hoe: “Ary mihira ny fihiran'i Mosesy, mpanompon'Andriamanitra, sy ny fihiran'ny ZANAK'ONDRY izy manao hoe: Lehibe sy mahatalanjona ny Asanao, Tompo Ô, Andriamanitra Tsitoha; Mahitsy sy marina ny lalanao, Ry Mpanjaka mandrakizay.” Hitanao ve izany? Ny ZANAK'ONDRY Mpisoronabe mihazona ny ràny ho fanavotana eo amin'ny fitoeran’ny famindrapo (rakotra fanaovam-panavotana) noho ny fahotantsika dia ny Tompo Andriamanitra Tsitoha. Izany no ny Fiasany ankehitriny. Izany no ataony ankehitriny, nitalaho ny ràny noho ny fahotantsika. Fa indray andro izany Zanak'ondry izany dia ho lasa Liona avy Amin'ny Taranak'i Joda. Hivoaka amin-kery sy voninahitra Izy ary haka ny fahefana ho toy ny Mpanjaka. Izy no Mpanjaka ho avy eto an-tany. Mazava ho azy izany fa tsy milaza hoe tsy Mpanjaka Izy izao. Fa Izy no Mpanjakantsika Mpanjakan'ny Olomasina.

Amin'izao fotoana izao dia fanjakana ara-panahy. Tsy avy amin'izao tontolo izao tahaka antsika, tsy avy amin'izao tontolo izao. Izay no antony mahatonga antsika hanao zavatra hafa noho ny an'izao tontolo izao. Ny fanjakantsika dia any an-danitra. Isika dia taratry ny fanahin’ny tontolo nahaterahantsika izay i Jesosy no Mpanjaka. Izany no mahatonga ny vehivavy ao amintsika tsy manao akanjon-dehilahy na manapa-bolo, na mampiasa ireo karazana makiazy sy ny zavatra hafa izay tena tian’izao tontolo izao. Izany no mahatonga ny lehilantsika tsy hisotro sy hifoka ary hitohy amin'ny fahotana. Ny fanapahantsika dia ny fanapahana handresy ny fahotana ary izany dia amin-kery ao amin'ny Fanahin'i Kristy izay mitoetra antsika. Ny fanjakana rehetra ety an-tany dia ho ravàna, fa ny antsika dia hijanona.

Ankehitriny dia efa niresaka momba ny fanompoana sy ny fanehoana ilay Andriamanitra iray marina isika ary nahita ny Voninahiny amin'ny fianarana Soratra Masina. Fa Izy tsy tokony ho fantarina amin'ny saina. Fantatra ara-panahy Izy; amin'ny alalan'ny fanambaràna Ara-panahy. Ilay Iray tsy miova Izay nantsoina hoe Jesosy araka ny nofo dia niverina ho any amin'ny andry afo.Kanefa nampanantena Izy fa ho avy indray ka hitoetra anivon'ny olony amin'ny alalan'ny Fanahy. Ary tamin'ny andro Pentekosta izany andry afo izany nidina ka nisaraka ho lelafo teo ambonin'izy ireo. Inona no nataon'Andriamanitra? Mampisaraka ny Tenany teo amin'ny fiangonana Izy, manome ireo lehilahy sy vehivavy anjara amin'ny Tenany. Nozarainy teo amin'ny fiangonany ny Tenany araka izay nolazainy fa ataony. Jaona 14:16-23 "Ary Izaho hangataka amin'ny Ray, ary Izy hanome anareo Mpananatra hafa, mba hitoerany eo aminareo mandrakizay, dia ny Fanahin'ny Fahamarinana, Izay tsy azon'izao tontolo izao raisina, satria tsy hitany, ary tsy mahalala Azy; fa ianareo mahalala Azy; fa mitoetra eo aminareo Izy, ary ho ao anatinareo. Tsy hamela anareo ho kamboty Aho; Ho avy ao aminareo Aho. Vetivety foana, izao tontolo izao tsy hahita Ahy intsony; fa ianareo no hahita Ahy; satria velona Aho, dia ho velona koa ianareo. Amin'izany andro izany dia ho fantatrareo fa Izaho ao amin'ny Raiko, ary ianareo ato amiko, ary Izaho ao aminareo. Izay manana ny didiko ka mitandrina izany, dia izy no tia Ahy; ary izay tia Ahy no tian'ny Raiko, ary Izaho ho tia azy ka hiseho aminy. Hoy Jodasy Taminy, fa tsy Iskariota: Tompoko, nahoana no hiseho aminay Ianao, fa tsy amin'izao tontolo izao koa? Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Raha misy tia Ahy, dia hitandrina ny Teniko ary ny Raiko ho tia azy, ary ho ao aminy Izahay, ka dia hanao fonenana ao aminy." Nilaza izy fa hangataka amin'ny Ray izay handefa Mpananatra hafa Izay efa NIARAKA tamin'izy ireo (ny mpianatra) fa TSY TAO anatin'izy ireo. Izany dia Kristy. Avy eo ao amin'ny andininy faha-telo amby roapolo, niresaka momba ny Tenany sy ny Ray, dia nanao hoe, ho avy IZAHAY. Izay ilay izy: "ny Fanahy no ho avy, ilay Fanahy Iray ihany, izay nisehon'Andriamanitra ho toy ny Ray sy Zanaka, ka mbola hiseho eo amin'ny maro" -- ANDRIAMANITRA IRAY Izay ny Fanahy.

Izay no antony tsy mampisy olona afaka tonga ka hilaza fa ny lehilahy masina dia ny papa, eveka na ny mpisorona. Ilay LEHILAHY MASINA dia Kristy, ny Fanahy Masina ao amintsika. Ahoana no hasahian'ny ambaratongam-pitantanana manambara, ny mpivavaka tsotra tsy manan- teny holazaina? Samy manana zavatra holazaina. Samy manana asa, samy manana ny asa fanompoana. Ny Fanahy Masina dia tonga tamin'ny Pentekosta ary nizarazara ny Tenany tamin'ny tsirairay mba ho tanteraka izay nolazain'i Kristy hoe: "Amin'izany andro izany dia ho fantatrareo fa Izaho ao amin'ny Raiko, ary ianareo ato Amiko ary Izaho ao aminareo." Jaona 14:20.

Ilay Izaho Lehibe, ilay Andriamanitra Mahery Indrindra, dia tonga tahaka ny Fanahy mba hameno ny Fiangonana marina. Manana zo hifindrafindra amin'izay toerana tiany Izy, sy amin'ny olona tiany. Tsy isika no manao "olona masina" eo amintsika, fa ny fiangonana marina manontolo izay an'ny Tompo dia masina, noho ny fanatrehan'ny Fanahy Masina. Izany no Izy, ny Fanahy Masina, izay masina fa tsy ny fiangonana amin'ny maha izy azy.

Ankehitriny ary dia izay ilay fanambarana fa i Jesosy Kristy dia Andriamanitra. Ilay Jehovah ao amin'ny Testamenta Taloha no Jesosy ao amin'ny Vaovao. Na inona na inona ataonao, tsy afaka manaporofo ianao fa misy Andriamanitra TELO. Fa izany ihany koa dia mila ny fanambaràna amin'ny alalan'ny Fanahy Masina mba hahatonga anao hahatakatra ny fahamarinana fa Izy dia Iray. Mila fanambaràna ny fahitana fa ny Jehovah ao amin'ny Testamenta Taloha dia i Jesosy ao amin'ny Vaovao. Satana niditra antsokosoko tao amin'ny fiangonana ka nanajamba ny olona momba io fahamarinana io. Ary rehefa jamba ny amin'izany izy ireo, dia tsy ela ny Fiangonan'i Roma dia nampitsahatra ny batisa amin'ny anaran' i Jesosy Kristy Tompo.

Manaiky aho fa mitaky ny tena fanambaràna avy amin'ny Fanahy Masina ny fahitàna ny marina momba ny maha-Andriamanitra amin'izao andro izao, izay isika dia eo anivon'ny mpametaveta ny Soratra Masina. Fa ny fiangonana naharitra sy naharesy dia miorina eo amin'ny fanambaràna, noho izany afaka manantena an'Andriamanitra isika mba haneho ny fahamarinany amintsika. Kanefa na izany aza dia tsy tena ilàna fanambaràna ny amin'ny batisan'ny rano. Efa eo io ary mibanjina anao tsara izy. Mety hisy iray minitra ve teo amin'ny apostoly nampivily azy ireo niala tamin'ny baiko mivantana avy amin'ny Tompo hanao batisa amin'ny Anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina ary avy eo dia nahita azy ireo ninia tsy mankatò? Fantatr'izy ireo fa izay ilay Anarana, ary tsy misy toerana iray ao amin'ny Soratra Masina izay nanaovan'izy ireo batisa tamin'ny fomba hafa afa-tsy tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo. Ny saina mieritreritra dia milaza aminareo fa ny Bokin'ny Asan'ny Apostoly dia ny asan'ny fiangonana, ary raha nanao batisa tamin'izany fomba izany izy ireo, dia izay izany no fomba tsy maintsy hanaovana batisa. Ary raha mieritreritra fa mafy izany, inona ny hevitrao momba izany? Na iza na iza tsy vita batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo dia tsy maintsy hatao batisa indray.

Asan'ny Apostoly 19:1-6: "Ary rehefa afaka izany, dia, raha mbola tany Korinto Apolosy, Paoly dia nandalo ny morontsiraka ambony ary tonga tany Efesosy ka nahita mpianatra sasany teo izy, dia hoy izy tamin'izy ireo: Nandray ny Fanahy Masina ve ianareo hatramin'izay ninoanareo? Ary hoy izy ireo taminy: tsy mbola nahare izahay fa misy Fanahy Masina. Ary hoy izy tamin'izy ireo: ho amin'inona ary no nanaovana batisa anareo? dia hoy ireo: ho amin'ny batisan'i Jaona. Fa hoy Paoly: Marina fa Jaona nanao ny batisan'ny fibebahana ary nilaza tamin'ny olona, mba hino Ilay ho avy manaraka azy, izany hoe i Kristy Jesosy. Ary raha nahare izany izy ireo, dia natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Tompo. Ary rehefa nametraka ny tànany teo amin'izy ireo Paoly dia tonga teo amin'izy ireo ny Fanahy Masina, ary niteny tamin'ny teny tsy fantatra izy ireo sady naminany." Izay ilay izy. Ireo olona tsara tany Efesosy ireo dia nandre momba ny Mesia ho avy. Jaona nitory Azy. Natao batisa izy ireo amin'ny fibebahana ny fahotana, MIANDRANDRA ny finoana an'i Jesosy. Fa ankehitriny dia tonga ny fotoana HITODIHANA amin'i Jesosy sy hanaovana batisa ho FAMELAN-KELOKA. Tonga ny fotoana handraisana ny Fanahy Masina. Ary rehefa vita batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo izy ireo dia nametrahan'i Paoly tanana ary ny Fanahy Masina dia tonga teo amin'izy ireo.

Oh, ireo namana malala tany Efesosy dia olona tsara; ary raha misy olona nanan-jo tsy hanana ahiahy, dia izy ireo. Mariho ny fomba nahatongavan'izy ireo avy any lavitra. Tonga tamin'ny lalana rehetra ho amin'ny fanekena ny fiavian'ny Mesia izy ireo. Vonona izy ireo ny Aminy. Fa tsy hitanareo va fa na dia teo aza izany dia tsy nahita Azy izy ireo? Tonga Izy fa lasa avy eo. Mila natao batisa amin'ny Anaran'ny Jesosy Kristy Tompo izy ireo. Mila ny fahafenon'ny Fanahy Masina izy ireo.

Raha efa vita batisa amin'ny Anaran'ny Jesosy Kristy Tompo ianao, Andriamanitra dia hameno ny Fanahiny aminao. Izany no ny Teny. Asan'ny Apostoly 19:6 izay novakiantsika dia ny fanatanterahana ny Asan'ny Apostoly 2:38. "Mibebaha, ary aoka samy hatao batisa ianareo amin'ny anaran'i Jesosy Kristy ho famelàna ny helokareo; ary ianareo handray ny fanomezana, dia ny Fanahy Masina." Jereo, i Paoly, noho ny Fanahy Masina, dia nilaza izay nolazain'i Petera tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Ary izay voalaza dia TSY AZO ovàna. Tsy maintsy mitovy amin'ny tao amin'ny Pentekosta mandrapahatongan'ny voafidy iray farany hatao batisa. Galatianina 1:8, "Fa na izahay, na anjely avy any andanitra aza, no mitory filazantsara hafa aminareo afa-tsy izay efa notorinay taminareo, aoka ho voaozona izy."

Ary ankehitriny ny sasany aminareo mino Andriamanitra tokana (Oneness) dia manao batisa diso ny olona. Ianareo manao batisa ho an'ny fiterahana indray, tahaka ny fandrobohana ao anaty rano no mamonjy anareo. Ny fahaterahana indray dia tsy tonga amin'ny rano fa ny asan'ny Fanahy. Ny lehilahy

izay nahazo baiko avy amin’ny Fanahy Masina no nanome ny baiko “Mibebaha ianareo ary aoka samy hatao batisa amin'ny Anaran'ny Jesosy Tompo,” tsy milaza hoe ny rano no maha-teraka indray. Hoy izy hoe izany dia porofo ny “fieritreretana tsara eo anatrehan'Andriamanitra.” Izany ihany. 1 Petera 3:21, “izay mamonjy anareo koa ankehitriny, dia ny batisa, izay tenan'io tandindona io, (tsy ny fanesorana ny fahalotoan'ny nofo anefa, fa ny fitadiavana ny fieritreretana tsara eo anatrehan'Andriamanitra), amin'ny nitsanganan'i Jesosy Kristy tamin'ny maty.” Mino izany aho.

Raha misy olona manana hevi-diso fa ny tantara dia afaka manaporofo batisan’ny rano amin'ny fomba hafa nohon’ny amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo, dia manoro hevitra anao aho mba hamaky ny tantara hahitanao manokana izany. Toy izao ny marina ny firaketana an-tsoratra ny Batisa, izay natao tany Roma AD 100 ary navoaka tao amin’ny TIME Magazine ny 5 Desambra, 1955. “Ny diakona nanangana ny tànany, ary Publius Decius nanantona ny varavarana fanaovana batisa. Mijoro hatreo amin’ny andilany milentika ao amin'ny dobo i Marcus Vasca mpivaron-kazo. Nitsiky izy raha niditra tao anaty dobo teo akaininy i Publius. “Credis?” hoy izy nanontany. “Izaho mino,” namaly Publius. “Mino aho fa ny famonjena ahy dia avy amin’ i Jesosy ilay Kristy, Ilay nohomboana tamin'ny hazofijaliana tamin’ny andron’i Pontio Pilato. Miaraka Aminy dia maty aho ary miaraka Aminy mba hanana ny fiainana mandrakizay.” Dia nahatsapa sandry mafy izy nanohana azy ka navelany nilofika tany aoriana ny tenany nilentika tao anaty rano, ka nandre ny feon’i Markus teo an-tsofiny -- “Izaho manao batisa anao amin'ny Anaran'i Jesosy Tompo -- ilay rano mangatsiaka dia nandrakotra azy.”

Mandra-pahatongan’ny fahamarinana ho very (ary tsy mbola niverina mandraka izao vanim-potoana farany izao -- izany dia avy ao Nicée mandraka izao taonjato izao) izy ireo dia nanao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo. Ary niverina indray izany. I Satana dia tsy afaka manakana ny fanambaràna raha ny Fanahy te hanome izany. Eny, raha misy Andriamanitra telo, dia mety tsara ny batisa ho an'ny Ray, sy ny Zanaka, ary ny Fanahy Masina. Fa ny FANAMBARANA NOMENA AN’I JAONA dia ANDRIAMANITRA IRAY no misy, ary ny Anarany dia JESOSY KRISTY TOMPO, ary ny batisa dia ho an’Andriamanitra IRAY ihany. Izany no antony nanaovan’i Petera batisa tamin'ny Pentekosta. Tsy maintsy marina tamin’ny fanambaràna nisy izy “Aoka ny taranak'Israely rehetra ahafantatra marimarina, fa Andriamanitra efa nanao INY JESOSY INY, izay nohomboanareo tamin'ny hazo fijaliana, ho TOMPO SY KRISTY.” Ao no misy Azy “JESOSY KRISTY TOMPO.”

Raha Jesosy dia “SADY” Tompo no Kristy, noho izany Izy dia (Jesosy) tsy hafa fa ny “Ray, Zanaka, ary ny Fanahy Masina” ao amin'ny olona IRAY niseho teo amin'ny nofo. TSY “Andriamanitra ao amin’ny olona telo, Trinite Sambatra” FA ANDRIAMANITRA IRAY, OLONA IRAY amin'ny anaram-boninahitra lehibe telo, miaraka amin'ny asa telo maneho ireo anaram-boninahitra ireo. Henoy indray ary. Iny Jesosy iny ihany no “Tompo SADY Kristy.” Tompo (Ray) sy Kristy (Fanahy Masina) dia Jesosy, satria Izy (Jesosy) dia izy ROA (Tompo sy Kristy). Raha tsy mampiseho amintsika ny tena fanambaràna ny maha Andriamanitra izany, dia tsy misy hafa intsony. Ny Tompo iray TSY iray hafa akory; Kristy dia TSY iray hafa akory. Io Jesosy io no Tompo Kristy Jesosy, -- ANDRIAMANITRA IRAY.

Indray andro Filipo dia nanao tamin'i Jesosy hoe “Tompo ô, asehoy anay ny Ray dia ampy ho anay izay.” Jesosy nanao taminy hoe: “Efa ela no niarahako taminareo dia mbola tsy fantatrareo ihany Aho? Izay nahita Ahy dia nahita ny Ray, koa nahoana ianao no manao hoe: Asehoy anay ny Ray? Izaho sy ny Ray dia Iray ihany.” Indray mandeha aho nilaza izany ary nisy ramatoa iray nanao hoe: “Andraso aloha, Atoa Branham, ianao sy ny vadinao dia iray ihany.” Hoy aho hoe: “Tsy izay ilay izy.” Hoy izy hoe: “Azafady tompoko?” Dia hoy aho taminy: “Hitanao va aho?” Hoy izy hoe: “Eny.” Hoy aho hoe : “Hitanao ve ny vadiko?” Hoy izy hoe: “Tsia” Hoy aho hoe: “Io maha iray io dia hafa mihintsy, fa hoy Izy: Raha mahita Ahy ianareo dia mahita ny Ray.”

Ny mpaminany nilaza fa hazava amin'ny hariva. Ao amin'ny fihirana dia voasoratra hoe: “Hazava amin'ny hariva, Ny lalana mankany amin'ny voninahitra dia ho hitanao tokoa, Ao amin'ilay renirano, izany ny mazava amin'izao fotoana izao, Milevina ao amin'ny Anarana Sarobidin’i Jesosy. Ry tanora sy zokiolona, mibeba amin'ny fahotanareo rehetra, Ny Fanahy Masina dia azo antoka fa ho tafiditra ao. Tonga ny hazavàn’ny hariva -- Tena marina fa Andriamanitra sy i Kristy dia iray ihany.”

Vao tsy ela akory dia tafaresaka tamin’ny Jiosy Raby iray aho. Ary hoy izy tamiko, “Ianareo Jentilisa tsy afaka mizara an'Andriamanitra ho telo ka hanome Azy ny Jiosy. Mahalala tsara kokoa noho izany izahay.” Dia hoy aho taminy: “Izany mihintsy ilay izy Raby ô, tsy zaraina ho telo Andriamanitra. Hianao mino ny mpaminany, sa tsy izany?” Hoy izy hoe: “Mino tokoa aho.” “Mino ny Isaia 9:6 ve ianao?” “Eny.” “Iza no lazain’ny mpaminany? " " Mesia. " Hoy aho hoe: "Inona no hifandraisanan’ny Mesia amin’Andriamanitra?” Ary hoy izy: “Ho Andriamanitra Izy.”
Hoy aho hoe: “Marina izany.” Amen.

Tsy afaka mametraka an'Andriamanitra ho telo na telo toko ianao.Tsy afaka hiteny amin’ny Jiosy ianao fa misy ny Ray, ny Zanaka, ary ny Fanahy Masina. Avy hatrany dia hilaza aminao izy ny nihavian’izany hevitra izany. Ny Jiosy mahalala fa izany fanekem-pinoana izany dia naorina tao amin'ny Filan-kevitra Nicée-Constantinople. Tsy mahagaga izy ireo raha maneso antsika ho toy ny jentilisa.

Miresaka momba ilay Andriamanitra izay tsy miova isika. Mino izany koa ny Jiosy. Ny fiangonana efa nanova ilay Andriamanitra tsy miova avy amin'ny IRAY mankany amin'ny TELO. Fa ny fahazavàna niverina amin'ny andro hariva. Tena manaitra fa izany fahamarinana izany dia tonga rehefa miverina any Palestina ny Jiosy. Andriamanitra sy i Kristy dia IRAY. Iny Jesosy iny dia SADY TOMPO NO KRISTY. Jaona nandray ny fanambaràna, ary JESOSY ilay Fanambaràna, mamoaka ny Tenany eto ao amin'ny Soratra Masina Izy -- “IZAHO no Ilay Taloha, Ankehitriny, ary Ilay Ho Avy, dia ny Tsitoha. Amen.”

Raha tsy takatrao ny fanambaràna, karoy sy tadiavo Andriamanitra momba izany. Izay ihany no fomba handraisanao azy. Ny fanambaràna dia tsy maintsy avy amin'Andriamanitra. Tsy tonga avy amin’olombelona na oviana na oviana izany, na fanomezana voajanahary, fa fanomezana Ara-panahy. Azonao atao mihitsy aza ny mitadidy Soratra Masina, ary na dia mahatalanjona aza izany, tsy mahavita azy izany. Tsy maintsy fanambaràna avy amin 'Andriamanitra. Izao no voalaza ao amin'ny Teny, tsy misy mahay manaiky hoe Jesosy no Kristy afa-tsy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Tsy maintsy mandray ny Fanahy Masina ianao izany, rehefa afaka izany, ny Fanahy afaka manome anao ny fanambarana fa i Jesosy no Kristy: Andriamanitra, ilay Iray Voahosotra.

Tsy misy olona mahafantatra ny zavatra momba an'Andriamanitra afa-tsy ny Fanahin'Andriamanitra, sy izay tian'ny ny Fanahin'Andriamanitra hanambaràna azy ireo ihany. Mila miantso an'Andriamanitra isika ho an’ny fanambaràna mihoatra noho ny zavatra hafa eto amin'izao tontolo izao. Efa nanaiky ny Baiboly isika, nanaiky ny fahamarinana lehibe ao aminy, fa mbola tsy tena marina amin’ny ankamaroan'ny olona, satria ny fanambaràna amin'ny alalan'ny Fanahy dia tsy misy. Ny Teny dia tsy novelomina. Ny Baiboly milaza ao amin'ny 2 Korintiana 5:21 fa efa tonga fahamarinan'Andriamanitra isika nohon’ ny firaisantsika amin'i Jesosy Kristy. Azonao ve izany? Izao no voalaza, ISIKA NO TENA FAHAMARINAN'ANDRIAMANITRA DIA NY TENANY amin'ny alalan'i KRISTY AO anaty. Izao no voalaza fa Izy (Jesosy) dia tonga OTA ho antsika. Tsy milaza io fa Lasa mpanota Izy, fa tonga OTA ho antsika ka amin’ny firaisantsika Aminy dia lasa FAHAMARINAN'Andriamanitra isika. Raha manaiky ny zava-misy isika (ary tsy maintsy) fa lasa OTA ara-bakiteny ho antsika Izy tamin'ny

alalan'ny nisolony toerana antsika, dia tsy maintsy manaiky isika fa amin’ny fifandraisantsika Aminy dia tonga Ny TENA FAHAMARINAN'ANDRIAMANITRA isika. Ny mandà ny iray dia mandà ny hafa.Ny fanekena ny iray dia fanekena ny hafa. Fantatsika ary fa ny Baiboly no milaza izany. Tsy azo lavina. Fa ny fanambaràna mahakasika izany dia tsy hita. Tsy tena misy izany amin’ny ankamaroan'ny zanak'Andriamanitra. Izany dia toa andininy tsara fotsiny ihany ao amin'ny Baiboly. Fa tokony hanana izany VELONA isika ho antsika. Izany no handraisana ny fanambaràna.

Mamelà ahy hijery zavatra eto izay sady hanampy no hampitolagaga anareo. Zara raha misy ny mpianatra izay tsy mino fa ny Testamenta Vaovao tamin'ny voalohany dia tamin'ny teny Grika. Ny mpianatra Baiboly lehibe rehetra dia milaza fa Andriamanitra nanome an’izao tontolo izao firenena telo lehibe izay mandray anjara lehibe nohon’ny Filazantsara. Nomeny ny Grika, izay nanome ny fiteny hiraisana. Nomeny antsika ny Jiosy izay nanome antsika ny fivavahana marina sy ny tena fahalalana an'Andriamanitra amin’ny alalan 'ilay Mpamonjy. Nomeny antsika ny Romana izay nanome antsika fanjakana iraisana amin'ny lalàna sy ny rafitra momba ny lalambe. Noho izany dia manana fivavahana marina isika, ny fitenenana mba ahafahana maneho izany amin’ny olona maro, ary ny fitondram-panjakàna sy ny làlana mba hampielezana izany ara-batana.

Ary raha resahina ara-tantara, izany dia tena marina. Ary amin'izao andro izao ny mpahay teny Grika milaza fa ny Baiboly amin’ny teny Grika amin’izao dia tonga lafatra sy marina, ka raha misy mpianatra teny Grika matsilo sy mahay fitsipi-pitenenana dia afaka ahafantatra marina tsara izay Teny ampianarin’ny Testamenta Vaovao izy. Izany ve tsy foto-kevitra ihany? Marina ve izany? Tsy ny manam-pahaizana Grika rehetra manandaza avy amin'ny fiangonana iray ve no miady hevitra amin’ny mpianatra avy amin'ny antoko-pinoana iray hafa, ary tsy marina ve fa ny fandresen-dahatr’izy ireo dia mifototra amin'ny teny Grika sy fitsipi-pitenenana mitovy? Azo antoka fa izany no fandehany. Eny fa tany amin’ny vanim-potoana Pergamosy aza, taloha kelin’ny Filan-kevitry ny Nicée-Constantinople 325, dia nisy mpianatra roa lehibe, Arius sy Athanase, izay lasa mihidy ao amin'ny ady mikasika ny foto-pampianarana momba teny Grika.

Lasa nafàna ary nalaza eran-tany ny adi-hevitr’izy ireo ka ny mpahay tantara dia nilaza fa izao tontolo izao dia zarain’ny tsindri-peo (ny feon'ny zana-tsoratra roa ao amin’ny fizaran-teny iray.) Ary raha ny teny Grika aza no tena tonga lafatra, ary voatendrin'Andriamanitra, nahoana no nisy ny fifandirana toy izany? Azo antoka fa Andriamanitra tsy mikasa antsika rehetra mba hahalala ny teny Grika? Ankehitriny aza isika dia manana adi-hevitra momba ny teny Grika. Raiso ohatra ny boky, “Ny Fiangonan'i Kristy mararin'ny paralysisa hitan’ny rayon X” nosoratan’i Dr. McCrossan. Amin'izany dia manome ohatra maro avy amin’ny fitsipi-tenenana Grika malaza izy, ary manaporofo amin’ny fahafaham-po fa ny fitsipi-pitenenana Grika dia manaporofo mazava fa ny Baiboly mampianatra fa ny olona dia atao batisa amin'ny Fanahy Masina aorian'ny fahaterahana indray. Milaza ihany koa izy fa ny vehivavy dia afaka maka ny polipitra satria ny teny hoe maminany dia midika hoe mitory. Fa nandresy lahatra ny mpianatra teny Grika hafa ve izy, izay mahay tahaka azy? Na oviana na oviana. Ny zavatra tsy maintsy atao dia ny mamaky ireo mpianatra izay mihazona ny fomba fijery mifanohitra sy mandre ny fanoharana nianaran’izy ireo.

Ankehitriny tsy izay vao avy nolazaiko ihany no marina, fa aoka isika handeha lavidavitra kokoa. Ankehitriny isika dia manana mpianatra izay milaza fa ny sora-tanana tany am-boalohany dia voasoratra amin'ny teny Aramaika izay ny fitenin 'i Jesosy sy ny olona tamin'ny Androny. Voalazan’izy ireo fa ny olona dia tsy miteny sy manoratra tamin'ny teny Grika araka ny fiheverana azy amin’ny ankapo-beny. Ary ny zava-misy dia izao,ny mpahay tantara dia mizarazara ny amin'izany. Ohatra, Dr. Schonfield, mpianatra tena mamirapiratra, avy amin'ny fikarohana dia nanaporofo tamin-kafaliana fa ny Testamenta Vaovao dia nosoratana tamin'ny fitenin’ny olona Grika tamin'izany andro izany. Nanao tsanga-kevitra tsara izy ny amin’ny finoany, mifototra amin'ny tahirin-kevitra isan-karazany nananany.

Fa amin'ny lafiny iray hafa dia manana mpianatra iray hafa malaza isika, Dr. Lamsa, izay resy lahatra fa ny Testamenta Vaovao dia voasoratra ao amin'ny teny Aramaika ary tsy nanana afa-tsy mpahay tantara marani-tsaina hafa izy dia i Toynbee, nanohana ny fifandirana fa ny teny Aramaika fa TSY NY GRIKA no fitenin 'ny olona, noho izany dia azo antoka fa ny Testamenta Vaovao dia nosoratana voalohany tamin'ny teny Aramaika.

Na izany aza, alohan'ny hidirantsika momba izany, dia aoka isika hamaky ny King James Version sy ny fandikan-teny nataon'i Dr. Lamsa. Tena nahafinaritra anay ary mahagaga ny fahitàna ny fitovian'ny teny amin'izy roa, noho izany dia tsy misy fahasamihafana ao aminy na ny fampianarana. Azontsika heverina mihintsy aza fa Andriamanitra dia namela ireo sora-tanana vao hita ireo sy ny boky sy soratra an-gazety vao haingana eo anoloantsika mba hanaporofoana ny zavatra efa nanantsika. Ary hitantsika fa na mifanditra aza ny mpandika teny, ny soratra tsy mba miady.

Ankehitriny ianao dia afaka mahita fa tsy afaka mametraka fandikàna amin'ny fahalalana lalin'ny mpianatra momba ny teny voasoratra ao amin'ny Baiboly ianao. Fa raha mbola tsy mahita izany ianao satria voasaron'ny fomnan-drazana ny sainao, eto dia misy fanoharana iray farany. Tsy hisalasalana fa izay fantatry ny mpanora-dalàna sy Fariseo, manam-pahaizana lehibe tamin'ny taona 33 taorian'i Kristy, nahalala ny fitsipi-pitenenana sy ny tena hevitry ny teny voasoratra ao amin'ny Testamenta Taloha; fa ao amin'izany fahalalana tsara rehetra izany dia tsy hitan'izy ireo ny fanambaràna ny Teny nampanantenain'Andriamanitra niseho tao amin'ny Zanaka. Tao no nisehoany, avy ao amin'ny Genesisy ka hatramin'ny Malakia, miaraka amin'ny toko rehetra voatokana ho Azy sy ny asa Fanompoany, ankoatran'ireo vitsivitsy izay nazavain'ny ny Fanahy, dia tsy nahalala Azy tanteraka izy ireo.

Ankehitriny isika dia tonga amin'ny famintinana, famaranana izay efa hitantsika ao amin'ny Teny. Arakaraka ny finoantsika ny ahita sora-tanana tranainy indrindra sy tsara indrindra mba hahazo ny rakitsoratra tsara indrindra momba ny Teny, dia tsy ho azontsika na oviana na oviana ny tena dikan'ny izany amin'ny alalan'ny fianarana na fampitahana ny Soratra Masina, na dia amin'ny fo-ntsika aza izany. NY FANAMBARÀNA AVY AMIN'ANDRIAMANITRA NO MAMOAKA IZANY. IZANY MIHITSY NO VOALAZAN' I PAOLY: "IZANY REHETRA IZANY KOA DIA LAZAINAY, TSY AMIN'NY TENY AMPIANARIN'NY FAHENDREN'OLONA, FA AMIN'NY AMPIANARIN'NY FANAHY MASINA." 1Kor. 2:15. Ny tena fanambaràna dia Andriamanitra mandika ny Teniny amin'ny alalan'ny fanaporofoana ny zavatra nampanantenaina.

Ary ankehitriny, aoka tsy hisy ho voafitaka amin'izay efa nolazaiko, ary mieritreritra fa tsy mino ny fahamarinan'ny Teny aho araka ny fahazoantsika izany. Mino aho fa io Baiboly io dia tena marina. Jesosy dia nanantanteraka ny Testamenta Taloha tety an-tany, ary izany dia voangona mitovy tanteraka ho Testamenta Vaovao antsika. Aza diso hevitra momba izany, manana ny Tenin'Andriamanitra tsy misy kilema isika amin'izao fotoana izao, ary tsy nisy olona sahy maka avy amin'izany, na hanampy azy. Fa mila ilay Fanahy mitovy isika dia ilay nanome azy, mba hampianatra izany amintsika.

Eh, tena ilaintsika ny fanambaràna amin'ny alalan'ny Fanahy. Tsy mila Baiboly vaovaoisika, tsy mila fandikan-teny vaovao isika, na dia misy sasany tena tsara aza, tsy manohitra izany aho, FA MILA NY FANAMBARAN'NY FANAHY ISIKA. Ary misaotra an'Andriamanitra isika fa hananantsika izay ilaintsika satria Andriamanitra te- haneho ny Teniny amintsika amin'ny alalan'ny Fanahiny. Enga anie Andriamanitra hanomboka amin'ny alalan'ny Fanahiny hanome antsika fiainana misy fanambaràna tsy tapaka ary maharitra. Oh, raha mba afaka mahazo fanambaràna vaovao ny fiangonana, ary amin'ny alalan'izany dia lasa Teny velona miseho, dia hanao asa lehibe isika sy hanome voninahitra an'Andriamanitra Raintsika any an-danitra.

AFAKA AMIN'NY FAHOTANA.
Apokalypsy 1:5, “Ho an'Ilay tia antsika ka nanasa antsika ho afaka amin'ny fahotantsika tamin'ny ràny.” Ny teny hoe “voasasa” dia midika hoe “afaka” -- “Namaha antsika ho afaka amin'ny fahotantsika tamin'ny ràny.” Tsy mahavariana ve izany? Ara-panahy ve fieritreretanao? Azonao ve izany? Izany dia ny rà izay AZY, no namaha antsika ho afaka tanteraka amin'ny fahotantsika. Tsy ràn’olombelona izany. Ràn'Andriamanitra izany. I Petera nanao hoe ny ràn'i Kristy. I Paoly nanao hoe ny ràn'ny Tompo, sy ny ran'i Jesosy. Tsy olona telo fa olona IRAY. Izay indray ilay fanambaràna, Andriamanitra IRAY. Ilay Jehovah Andriamanitra Tsitoha no nidina ka nanao ny Tenany ho vatana tamin'ny alalan'ny fahaterahana tamin’ny virjiny ka nonina tao, mba hahatonga izany ho ràn'Andriamanitra hanafaka antsika (hamaha antsika tanteraka) amin'ny fahotantsika sy hanolotra antsika tsy misy pentina eo Anoloany amin'ny fifaliana lehibe indrindra.

Tianao ve ny karazana ao amin’ny Testamenta Taloha? Andeha ary isika hiverina any amin'ny Saha Edena. Rehefa tonga tamin’ny voninahitra ny vaovao voalohany fa ilay zanaka Adama dia very, naniraka anjely ve Andriamanitra? Naniraka zazalahy ve Izy? Nandefa iray hafa tahaka antsika ve Izy? Tsia, Izy TENANY no tonga mba hanavotra ilay zanaka very. Haleloia! Andriamanitra tsy nanankina ny drafitry ny famonjena tamin’ny hafa. Ny Tenany ihany no nitokisany. Andriamanitra dia tonga nofo ka nonina tamintsika, ary nanavotra antsika ho Azy. Voavonjy isika noho ny “Ràn'Andriamanitra”. Ilay Andriamanitra mandrakizay nonina tao amin’ny vatana mety maty mba hanaisotra ny fahotàna. Lasa Zanak'ondry Izy mba handatsaka ny Ràny sy hiditra ao amin'ny efitra lamba miaraka amin’izany.

Diniho tsara izao. Koa satria ràn'Andriamanitra izany, noho izany dia rà tanteraka; Ary raha ny rà tonga lafatra no mamaha antsika amin'ny hery sy ny loton’ny fanandevozan’ny ota, ny famahana dia tanteraka sy feno. Noho izany dia tsy misy fanamelohana. “Iza no hametraka zavatra amin’ny anjara-raharaha ny olom-boafidin'Andriamanitra? Andriamanitra no manamarina (milaza fa marina isika). Iza no manameloka? Kristy no efa maty ...” Romana 8:33-34. Izao ilay izy, ny Fahafatesany no nanome antsika ny rà. Ny rà no namaha antsika. Tsy misy fanamelohana ankehitriny. Nahoana no misy? Tsy misy na inona na inona ho helohina, satria ny rà no namaha antsika ho afaka amin'ny ota. Afaka isika, tsy manan-tsiny. Aza mihaino ny olona, mihainoa ny Tenin'Andriamanitra. Efa nafahan’ny rà ianao.

Ankehitriny ary, aza mety ho fatoran’ny fomban-drazana sy ny fanekem-pinoana ary ny fikambanana. Aza manaiky ho voafitaka amin'ny alalan'ny fihainoana ireo izay mandà ny herin'ny Teny, ary mandà fa Jesosy tsy mamojy, manasitrana, mameno ny Fanahy Masina sy ny hery. Ianareo dia olon’Andriamanitra afaka, nafahana tamin'ny alalan'ny Ràny. Raha mbola mihazona ny finoanao ianao amin’ny fanekem-pinoana sy ny anaram-piangonana, dia azo antoka fa efa very ny finoana ny Tenin'Andriamanitra.

MPANJAKA SY MPISORONA.
Apokalypsy 1:6, “Ary Izy no efa nanao antsika ho mpanjaka sy mpisorona ho an'Andriamanitra Rainy, ho Azy anie ny voninahitra sy ny fanjakana mandrakizay mandrakizay. Amen.” “Izy no nanao antsika!” Oh, misy fahamarinana tokony hasongadintsika. Ity ny iray amin'izy ireo. IZY! IZY NO NANAO ANTSIKA! Ny famonjena dia Asany. Ny famonjena dia avy amin'ny Tompo. Ny rehetra dia avy amin’ny fahasoavana. Misy tanjona ny nanavotany antsika.Misy antony ny nividianany antsika. Mpanjaka isika, mpanjaka ara-panahy. Oh, ho mpanjaka eto an-tany miaraka Aminy isika rehefa mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianany Izy. Fa ankehitriny isika dia mpanjaka ara-panahy ary ara-panahy ny fanjakantsika. Izao no voalaza ao amin'ny Romana 5:17, “Fa raha ny fahadisoan'ny olona anankiray no nanjakan'ny fahafatesana noho ny nataon'ny anankiray, mainka izay mahazo ny haben'ny fahasoavana sy ny fanomezan'ny fahamarinana no hanjaka amin'ny fiainana noho ny nataon'ny

Anankiray, dia Jesosy Kristy.” Ary ao amin'ny Kolosiana 1:13. “Izay nanafaka antsika tamin'ny fahefan'ny maizina, ka namindra antsika ho amin'ny fanjakan'ny (fanjakana) ny Zanany malalany.” Amin'izao fotoana izao isika dia manjaka miaraka amin'i Kristy, manana fahefana handresy ny ota, izao tontolo izao, ny nofo sy ny devoly. Maneho ny Fiderany sy ny voninahiny; maneho ny TENANY, satria izany dia Kristy ao amintsika, vonona ny hanao tsara ny sitrapony. Eny tokoa, na dia ankehitriny aza isika dia mipetraka any an-danitra ao amin'i Kristy Jesosy.

“Ary nanao antsika ho mpisorona.” Eny mpisorona ho Azy, manao sorona fiderana ara-panahy amin’ny molotra masina.Mandany ny fiainantsika toy ny sorona manitra ho Azy. Manompo Azy ao amin'ny Fanahy sy ny fahamarinana. Manao fanelanelanana sy fangatahana. Mpisorona sy mpanjaka ho an'ny Andriamanitsika. Tsy mahagaga raha izao tontolo izao dia tsy mahaliana antsika satria isika olona hafahafa manana zotom-po mba hanao asa tsara. Noforonina indray tao Aminy isika mba ho zanaka tahaka ny Raintsika.

NY FAHATONGAVAN’ILAY ANDRIAMANITRA.
Apokalypsy 1:7, “Indro, avy amin'ny rahona Izy; ary ny maso rehetra hahita Azy, na dia izay nandefona Azy koa aza ; ary ny foko rehetra eto an-tany hidradradradra noho ny Aminy. Eny, Amen.” Ho avy Izy. Ho avy i Jesosy. Ho avy Andriamanitra. Ho avy ilay Mpaminany. Ary ilay Mpisorona sy Mpanjaka ho avy. Ny REHETRA amin’ny REHETRA ho avy. Eny, Jesosy Tompo, avia faingana. Amen.

Ho avy izy. Ho avy eo amin'ny rahona Izy, rahona voninahitra tahaka ny nahitana Azy teo amin'ny Tendrombohitry ny Fiovan-tarehy, ary ny Fitafiany dia mamirapiratra toy ny herin'Andriamanitra nandrakotra Azy. Ary ny maso REHETRA hahita Azy. Midika izany fa tsy izany no Fisandratàna. Izany dia rehefa tonga haka ny toerany toy ny Mpifehy izao tontolo izao Izy. Izany dia rehefa ireo izay nandefona Azy tamin'ny ny fanekem-pinoany sy ny foto-pampianaran’ny anaram-piangonany dia hisaona, ary ny vahoaka rehetra hidradradradra amin'ny tahotra noho ny Aminy Izay ilay Teny.

Izany no fanambaràna tantara ao amin'i Zakaria 12:9-14. Zakaria dia naminany izany tokony ho 2500 taona lasa izay. Ary efa hitranga izany. Mihainoa. “Ary izao no hitranga amin'izany andro izany, fa Izaho dia hitady handringana ny jentilisa rehetra izay avy hamely an'i Jerosalema. Ary haidiko amin'ny taranak'i Davida sy amin'ny mponina any Jerosalema ny Fanahin'ny fahasoavana sy ny fifonana, ary hijery Ahy izy ireo dia Izaho Ilay nolefoniny...” Ankehitriny, rahoviana ny Filazantsara no hiverina any amin'ny Jiosy? Rehefa vita ny andron'ny Jentilisa. Ny Filazantsara dia vonona ny hiverina ho any amin'ny Jiosy. Oh, raha mba afaka hilaza aminareo ny zavatra izay no efa akaiky hitranga marina amin'izao androntsika izao. Izany zavatra lehibe izay efa hitranga izany dia mitondra ao amin’ny Apokalypsy 11 ka maka ireo vavolombelona roa, ireo mpaminany roa, i Mosesy sy Elia izay mamerina ny Filazantsara ho any amin'ny Jiosy. Vonona ny amin’izany isika. Ny zava-drehetra dia mirindra. Satria ny Jiosy nitondra ny hafatra ho any amin'ny Jentilisa, noho izany ny Jentilisa dia hamerina izany any amin’ny Jiosy, dia ho avy ny Fisandratana.

Ankehitriny, tsarovy izay efa novakiantsika tao amin'ny Apokalypsy sy Zakaria. Izy roa samy tonga taorian’ny fahoriana. Ny Fiangonan'ny Lahimatoa tsy mandeha amin'ny fahoriana. Fantatsika izany. Ny Baiboly dia mampianatra izany. Amin'izany andro izany dia voalaza fa Andriamanitra handrotsaka ny Fanahiny eo amin’ny fokon’Isiraely. Izany dia ilay Fanahy narotsaka tamin'ny Jentilisa tamin’ny androny ihany. “Ary hijery Ahy izy ireo dia ilay nolefoniny, ary hisaona Azy toy ny fisaonana zanakalahy tokana, ary izy dia ho ory nohon’ny Aminy,tahaka ny olona mijaly amin’ny lahimatoany. Amin'izany andro izany dia hisy fisaonana lehibe any Jerosalema toy ny fisaonana tao Hadadrimona eo amin'ny lohasaha Megido. Ary hisaona ny tany,mitokana isam-pianakaviana; ny fianakavian'i Davida mitokana, ary ny vadin'ireo mitokana; ny fianakavianan’ny taranak'i Natana mitokana, ary ny

vadin'ireo mitokana ...", ary ny tsirairay amin'ny isan-tokatrano mitokana rehefa avy amin'ny rahona voninahitra Izy amin'ny Fiaviany Fanindroany. Ireo Jiosy izay nandefona Azy dia hahita Azy tahaka ny voalaza ao amin'ny Soratra Masina hafa, "Avy aiza no nahatonga ireo ratra aminao ireo?" ary Izy hanao hoe: "Tao an-tranon'ny namako." Tsy vitan'ny hoe fotoana fisaonana ho an' ny Jiosy izay nandà Azy ho Mesia ihany, fa ho fisaonanan'ny Jentilisa sisa tavela mihintsy izay nandà Azy ho ny Mpamonjy amin'izao andro izao ihany koa.

Hisy ny fitomaniana sy fidradradradràna. Ny virijina matory dia hitomany. Izy ireo dia misolo tena ny fiangonana izay tsy nety nandray menaka (mariky ny Fanahy Masina) ho an'ny fanaovan-jirony (mariky ny vatana na ny mpihazona ny diloilo) mandra-pahatonga izany ho tara loatra. Tsy hoe olona ratsy izy ireo. Izy ireo dia virijina ary izany dia midika fitondrantena ambony milamina. Nefa izy ireo tsy nanana solika tao amin'ny fanalany, ka dia noroahina ho any amin'ny fitomaniana sy fikitrohanify.

Aoka isika hampitaha izany rehetra ao amin'ny Genesisy, toko faha-45, tamin'ny nihaonan'i Josefa tamin'ny rahalahiny tany Ejipta, ka nanambarany ny tenany tamin'izy ireo. Genesisy 45:1-7, "Ary Josefa tsy nahatanty teo anatrehan'izy rehetra izay nitsangana teo aminy; dia niantso izy hoe: Avoahy ny olona rehetra hiala eto amiko. Ary tsy nisy olona nijanona teo aminy Josefa, raha nanao izay hahafantaran'ny rahalahiny azy izy. Dia nitomany mafy izy; ary ny Egyptiana sy tao an-tranon'i Farao naheno izany. Ary hoy Josefa tamin'ny rahalahiny: Izaho no Josefa; mbola velona ve ny raiko? Ary ny rahalahiny tsy nahavaly azy; fa toran-kovitra teo anatrehany izy ireo. Ary hoy Josefa tamin'ny rahalahiny: Avia, manatòna ahy ianareo. ary dia nanatona izy ireo. Ary hoy izy: Izaho no Josefa rahalahinareo, ilay namidinareo ho atỳ Egypta. Ary ankehitriny, aza malahelo na tezitra amin'ny tenanareo noho ny nivarotanareo ahy tatỳ; fa Andriamanitra no naniraka ahy hialoha anareo mba hamonjy aina. Fa roa taona izao no efa nisian'ny mosary teto amin'ny tany; ary mbola misy dimy taona koa, izay tsy hisy hiasan-tany na hijinjana. Ary Andriamanitra efa nampandeha ahy hialoha anareo, mba tsy hahalany taranaka anareo amin'ny tany, fa hamelona anareo amin'ny famonjena lehibe."

Ankehitriny izany raha oharina amin'ny Zakaria 12, marina tsara ? Mametraka ny roa miaraka isika tsy maintsy mahazo tsara azy io tanteraka. Fony mbola tanora vao erotrerony Josefa dia halan'ny rahalahiny. Nahoana no dia nankahala azy ny rahalahiny? Izany dia satria izy Ara-panahy. Tsy afaka ny tsy ahita ireo fahitana izy, ary tsy afaka ny tsy hanonofy sy handika izany. Tao aminy izany indrindra, tsy afaka maneho na inona na inona afa-tsy izay tao anatiny izy. Noho izany dia nankahala azy tsy misy antony ny rahalahiny kanefa izy tian'ny rainy. Ny rainy dia mpaminany ary mahatakatra. Izany dia tena mampiseho an'i Kristy. Andriamanitra Ray tia ny Zanany, fa ny rahalahy (mpanora-dalàna sy Fariseo) nankahala Azy satria nahay nanasitrana ny marary Izy, nanao fahagagana sy milaza mialoha ny ho avy, mahita fahitana sy manazava izany. Izany dia tsy misy antony tokony ankahalan'izy ireo Azy kanefa dia nataony, ary tahaka ny rahalahin'i Josefa izay nankahala Azy tamin'ny tsy misy antony.

Ary tsarovy ny nanaovan'ireo ireo zanak'i Jakoba an'i Josefa. Natsipiny tao an- davaka izy. Nalainy ny akanjo lava miloko maro izay nomen'ny rainy azy ary natsobony tamin'ny rà mba hahatonga ny rainy hihevitra fa ilay zazalahy dia matin'ny biby. Namidin'izy ireo tamin'ny mpivarotra andevo izy, izay nitondra azy ho any Egypta ary tao dia namidy indray tamina Jeneraly iray. Ny vadin'ilay Jeneraly dia nampiditra azy am-ponja tamin'ny endrikendrika, fa rehefa afaka fotoana fohy, ny fahaizany maminany dia nitondra azy ho any amin'ny sain'i Farao ka dia nasandratra izy ho amin'ny tanan-kavanan'i Farao, ary nanana fahefàna izy, dia ny tsy fahafahana mankao amin'i Farao raha tsy amin'ny alalany.

Andeha isika handinika ny fiainan'i Josefa fony izy tany Egypta, fa eto isika dia mahita azy ho tena fampitahana ny amin'i Kristy. Raha tao an-tranon'ilay Jeneraly izy dia voaendrikendrika, voasazy ary

naiditra am-ponja tsy misy antony, tahaka ny nataon'izy ireo tamin'i Jesosy. Tao an-tranomaizina izy dia nandika ny nofin'ilay mpitondra kapoaka sy mpanao mofo izay babo niaraka taminy tao.Ilay mpitondra kapoaka naverina tamin'ny laoniny ny fiainany, fa ny iray kosa voaheloka ho faty. Kristy dia nohelohina teo amin'ny hazo fijaliana, nafoin'Andriamanitra sy ny olona. Teo an-daniny roa dia nisy mpangalatra -- ny iray maty, ara-panahy, fa ny iray dia nomena ny fiainana. Ary Mariho, rehefa nalàna teo amin'ny ny hazo fijaliana Jesosy, dia nasandratra any an-danitra ary ankehitriny mipetraka eo an-kavanan'ny Fanahy Lehibe izay an'i Jehovah; ary tsy misy olona mahay manatona an'Andriamanitra afa-tsy amin'ny alalany. IRAY ihany no mpanalalana amin'Andriamanitra sy ny olona, ka Izy no hany ilainao. Tsy misy an-dry Maria, na olo-masina maro fa i Jesosy irery ihany.

Raha eo amin'ity karazana hitantsika ao amin'ny Josefa ity, Mariho fa ny zava-drehetra nataony tany Egypta dia nambinina. Ny asa voalohany tao amin'ilay Jeneraly nambinina. Na dia ny fonja aza nambinina. Rehefa miverina i Jesosy, ny tany efitra dia hamony tahaka ny raozy. Izy no ilay "Zanaky ny Fahaombihazana". Ary raha mbola tsy nisy taona niroborobo tahaka ny anankiray teo ambanin'i Josefa, dia misy ny fotoana toy izany, dia fitahiana ho avy eto an-tany izany izay mbola tsy fantatr' izao tontolo izao. Isika tsirairay dia afaka mipetraka eo ambanin'ny aviaviny avy ary mihomehy sy mifaly miaina mandrakizay eo Anatrehany. Eo Anatrehany dia fahafenoan'ny fifaliana ary eo amin'ny Ankavanany misy fahafinaretana mandrakizay. Miderà an'Andriamanitra.

Ankehitriny jereonareo, fa na aiza na aiza nalehan'i Josefa dia notsofina ny anjomara mba hanambarana ny fahatongavany. Ny olona nikiakiaka, "Mandohaliha amin'i Josefa!" Na inona na inona ataon'ny olona, rehefa maneno ny trompetra dia mandohalika. Mety nivarotra teny an-dalambe, teo am-pakana vola, fa tsy maintsy mijanona sy manenjana ny lohalika rehefa tsofina ny anjomara. Raha atao hoe mpanakanto, na mpilalao an-tsehatra, dia tsy maintsy mijanona ny fihetsika ary mandohalika rehefa ambara amin'ny anjomara ny fahatongavany. Ary indray andro any ny zava-drehetra dia hitsahatra rehefa maneno ny trompetran'Andriamanitra, ka izay maty ao amin'i Kristy hitsangana, ary ny maraina hiposaka mamirapiratra mandrakizay. Noho izany ny zava-drehetra dia handohalika, satria voasoratra hoe: "Koa izany no nanandratan'Andriamanitra Azy sy nanomezany Azy Anarana izay ambony noho ny anarana rehetra, ka amin'ny Anaran'i Jesosy no handohalihan'ny lohalika rehetra, any an-danitra, na ny etỳ an-tany, na ny any ambanin'ny tany; Ary mba haneken'ny lela rehetra fa Jesosy Kristy no Tompo, ho voninahitr'Andriamanitra Ray." Filipiana 2:9-11.

Mariho fa misy fanambarana feno voninahitra iray hafa ao amin'ity fanoharana ny amin'i Josefa ity. Josefa raha mbola tany Egypta, nomena vady (ampakarina) Jentilisa ary avy amin'ny alalany izy dia nahazo fianakaviana misy zaza roa lahy, dia Efraima sy Manase. Josefa niangavy an-drainy mba hitso-drano azy roa lahy. Ary napetrany teo anoloan'i Jakoba izy ireo, noho izany Manase ilay lahimatoa no ho amin'ny ankavanana, ary Efraima ho amin'ny ankavia. Ary raha handeha hitso-dano azy ireo Jakoba dia niampita ny tànany, ka ny ankavanana nankeo amin'ny zandriny. Josefa niantso mafy hoe: "Tsy izao no izy, dada a, (ray), ity no lahimatoa amin'ny ankavananao." Fa hoy Jakoba: "Nampitan'Andriamanitra ny tanako." Eto amin'ny karazana dia hitantsika fa ny fitahiana izay an'ny teraka voalohany (ny Jiosy) dia nomena ho amin'ireo tanora (ny Jentilisa) noho ny hazo fijaliana (tanana niampita)'ny Tompo Jesosy Kristy. Ny fitahiana dia tonga avy amin'ny ny hazo fijaliana. Galatiana 3:13-14, "Kristy nanavotra antsika tamin'ny ozon'ny lalàna, satria tonga ozona hamonjy antsika Izy; fa voasoratra hoe: Voaozona izay rehetra mihantona amin'ny hazo, fa ny fitahiana an'i Abrahama ho tonga eo amin'ny Jentilisa amin'ny alalan'i Jesosy Kristy, mba handraisantsika ny fampanantenana ny amin'ny Fanahy amin'ny alalan'ny finoana." Ny fitahiana an'i Abrahama dia tonga noho ny hazo fijaliana ho any amin'ny Jentilisa. Ny Jiosy nandà ny hazo fijaliana; noho izany, i Jesosy naka ampakarina Jentilisa.

Ankehitriny isika dia miverina indray amin’ny tantaran'i Josefa nihaona tamin’ny rahalahiny. Tadidinao fa tsy ny rahalahiny rehetra no tonga. Josefa nahafantatra izany saingy nanizingizina izy fa ny rahalahy rehetra no hiseho eo anatrehany, raha tsy izany tsy afaka maneho ny tenany amin’izy ireo izy. Farany dia nentin’izy ireo ilay tsy tao, Benjamina kely. Benjamina kely izany, ny tena rahalahin'i Josefa, izay nampirehitra ny fanahiny. Ary raha i Josefa, eny fa na i Jesosy aza, no ho any amin'ireo olona izay efa nitandrina ny didin'Andriamanitra sy izay efa niverina tany Palestina, ny Fanahiny dia hirehitra (fony). Benjamina dia maneho ny Israelita 144000 avy any amin'ny tany rehetra nandeha niverina tany Palestina noho ny fanavotana. Hijoro eo izy ireo vonona ny handray Azy, Izay mahafantatra amin'ny fomba marina tsara ny fiainana mandrakizay. Izy ireo hanao hoe: “Ity no Andriamanitsika Izay efa nandrasantsika.” Avy eo dia hahita Azy izy ireo dia ilay nolefoniny. Dia hitomany amin’alahelo izy ireo “Avy aiza ireo ratra mahatsiravina ireo? Ahoana no nahatonga izany hitranga?” Ary izy ireo dia hitomany sy hitaraina, mitokana isam-pianakaviana, ny olona rehetra mangingina amin’ny fijaliana sy alahelo.

Eto ary, aiza no misy ny Fiangonan’ny hafa firenena raha mbola mampahafantatra ny Tenany amin’ny rahalahiny Jesosy? Tsarovy fa ny vadin’i Josefa sy ny zanany roa tao an-dapa, satria Josefa efa nandidy hoe: “Aoka ny olona rehetra hiala, aleo izy rehetra hivoaka hiala eo anatrehako.” Ary ny ampakarina Jentilisa dia nafenina tao an-dapa. Aiza no alehan’ny Fiangonana Jentilisa amin’ny fampakarana (fanandratana)? Ao an-dapa. Ny ampakarina dia esorina hiala ety an-tany. Izy dia hakarina alohan'ny fahoriana lehibe mba hitsena ny Tompo eny amin'ny habakabaka. Mandritra ny telo taona sy tapany, rehefa miraraka ny famaizan’ny fahatezeran'Andriamanitra, dia ho ao amin'ny fanasana fampakaram-badin'ny Zanak'ondry lehibe izy. Avy eo dia hiverina Izy, ka hamela ny ampakarina ao amin'ny “Tranon'ny Rainy” raha mbola manao izay hahafantaran'ny rahalahiny Azy Izy. Amin'izany fotoana izany indrindra, ny fifakena tamin’ny antikristy izay niarahan’ny Jiosy tamin'i Roma dia ho tapaka.

Roma sy ny mpiray dia aminy dia handefa ny miaramilany handringana ny rehetra matahotra an'Andriamanitra, ny Jiosy mpankatò ny Teny. Fa rehefa tonga hamely ny tanàna mba handrava izany izy ireo, dia hiseho eo amin'ny lanitra ny famantarana ny fiavian'ny Zanak'Olona miaraka amin'ny tafika lehibe mba handringanana azy ireo, izay efa nandrava ny tany.Satria ny fahavalo voatosika, i Jesosy dia tonga ary haneho ny Tenany amin’ny 144.000. Nony nahita ny asa lehibe ny famonjena nataony, dia fantar’izy ireo ny Heriny. Ary koa ny nahitàny ny Feriny ka nahalala fa efa nandà Azy izy ireo eny hatramin'io fotoana io, hahatonga azy ireo hiantsoantso amin'ny fijaliana ny horohoro ary tahotra, dia toy izany koa ny rahalahini Josefa fahiny fony izy ireo nitsangana teo anatrehan'i Josefa, satria raiki-tahotra indrindra izy ireo fa ho faty. Fa araka ny filazan’i Josefa nanao hoe: “Aza tezitra amin'ny tenanareo. Tsy maninona izany. Andriamanitra ao amin'i izany rehetra izany. Nataony izany mba hiarovana ny aina.” Dia ho toy izany ihany koa i Jesosy hilaza fiadanana sy fitiavana ho azy ireo.

Nahoana ny Jiosy no nandà an'i Jesosy? Andriamanitra no tao amin'i izany rehetra izany. Izany no hany fomba nahafahany namoaka ny ampakarina Jentilisa. Maty teo amin'ny hazo fijaliana Izy mba hiarovana ny fiainan'ny Fiangonana Jentilisa. Eto ary, ireo 144000 ireo dia tsy ao amin'ny ampakarina. Ao amin'ny Apokalypsy 14:4 izy ireo dia antsoina hoe virijina ary manaraka ny Zanak'ondry na aiza na aiza Alehany. Ny fahafantarana fa tsy nandoto ny tenany tamin'ny vehivavy izy ireo dia mampiseho fa tandapa izy ireo (Matio 19:12). Ny tandapa no mpiandry ny mpiandry ny efitranon’ny mpanambady. Mpanompo izy ireo. Mariho fa tsy mipetraka eo amin'ny seza fiandrianana izyireo fa eo anoloan'ny seza fiandrianana. Tsia, tsy ao amin'ny ampakarina izy ireo, fa ho ao amin'ny Fanjakana Arivo Taona be voninahitra.

Hitantsika izany izao fa ireo farany amin’ny Isiraely no nanatevin-daharana amin'ny fitiavana an' ny

Tompo, ary ny fahavalo efa rava, Andriamanitra dia hanomana ny Tendrombohiny masina, ny Sahan'i Edena vaovao ho an'ny ampakarina sy ny mpanompo Azy ary ny mpanompon'izy ireo ho amin'ny volantantely arivo taona ety ambonin'ny tany.Tahaka an'i Adama sy Eva dia tao amin'ny saha fa tsy nahavita ny arivo taona, ankehitriny Jesosy ilay Adama farany antsika, sy Eva (Fiangonana Marina) no hahatanteraka ny drafitr'Andriamanitra. Oh, endre izany fomba fiverenan'ny Baiboly. Ny fisehoan-javatra tamin'i Josefa sy ny rahalahiny dia efa tsy maintsy hiverina, satria Jesosy ho avy tsy ho ela.

Ary raha avelantsika eo ny karazana momba an'i Josefa, dia misy zavatra iray hafa tiako hisarihana ny sainareo momba ity fotoana farany ity. Tadidinareo fa raha nitsangana teo anatrehan'ny Josefa ny rahalahiny, tamin'i Benjamina tsy teo, dia niteny tamin'ny alalan'ny mpandika teny izy na dia fantany tsara aza ny teny Hebreo. Niresaka tamin'ny rahalahiny tamin'ny fiteny hafa izy. Fantatrao ve fa ilay vanim-potoana voalohan'ny Jentilisa (ilay loha volamena, Vanim-potoanan'ny Babyloniana) dia nivoaka tamin'ny hafatra tamin'ny fiteny tsy fantatra voasoratra teo amin'ny rindrina? Ity vanim-potoana ity dia mivoaka toy izany koa. Ny fahabetsahan'ny fiteny tsy fantatra amin'izao andro izao koa dia efa manaporofo fa ny andron'ny Jentilisa dia ho tapitra ary Andriamanitra mitodika indray amin'ny Israely. Ho avy tsy ho ela Izy. Ilay Alfa sy Omega, Ilay Mpaminany, Mpisorona sy Mpanjaka, ny Rehetra ao amin'ny Rehetra, Jehovah Tompon'ny maro, no ho avy tsy ho ela. Eny Jesosy Tompo, Ilay Andriamanitra Iray Marina, tongava malaky.

www.believersnewsletter.org

info.bnl.ministries@gmail.com